

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

Tafalatsaka lalina eo amin'ireo tanora mpino silamo ny rivotra mitsoaka avy any amin'ny tany tandrefana, ka tonga hatramin'ny tsy finoana an'i Allah mihitsy, sy ny fahambaniam-pitondrantena, ary izany moa dia anisan'ny tetika matipaikan'ny fanjanahantany! Ka mpino silamo iza no hanolotra ny taniny amin'ny vidiny ambony ho an'ireo tsy mpino, nefa izy mino an'i Allah, sy ny andro farany, ny olona dia mandray ireo mpanjanatany rehefa miala aminy ny finoana Islam..

Ka noho izany, nanao izay faraheriny ny fanjanahantany nampiditra ny tsy finoana an'i Allah eo amin'ireo tanora mpino silamo, ary dia nahomby tanteraka tokoa izany tetika ratsy izany.

Ka hitako fa adidy tsy maintsy atao, ny fanolorana ho an'ireo tanorantsika vao misandratra ampahany amin'ny fototry ny finoana Islamo, amin'ny endrika tsotra ho famaliana ny fanenjehana sy fanaratsiana ny finoana Islamo sy ny olombelona.

Ny faniriako manontolo dia ny hijeren'izy ireo ny porofo tsy mitombona, amin'ny fijerena mitsara, fa tsy fijerena manara-drenirano fotsiny.

Mangataka amin'i Allah Ilay Avo indrindra ho azy ireo aho hahazo tari-dàlana sy fitahiana, satria Izy no Mpamonjy.

Ny mpanoratra.

Ahoana no ahafantaranao an'i Allah ?

(..tena marina “ireo oha-pitenenana sy tantara kely”; dia mampihetsi-po, ary misintona ny fisainana. Tonga noho izany ny fahendrena, ary ny fahalalana dia toeran'ny fifantohana amam-pandinihana, tahaka ny itoeran'ny masomboly amin'ny tany mahavokatra, ka itsimohany sy hanomezany voa matsiro..)

...nandeha ny lehilahy iray nizotra tany amin'ny tahiry nipetraka tany amin'ny rihana faharoa, ary niresaka tamin'ny tenany:

handray 500 dinary aho ankehitriny.

Hanamboarako ny efitrano...

Tsy mbola namoha ny trano akory izy dia efa talanjona, niverina nihemotra

Mahagaga! Mahagaga

Moa ve noraisin'ny mpanampy vavy ilay izy? Moa ve nisy mpangalatra tsy tsapantsika teo? Dia nihiaka izy niteny hoe : Salma, ry vadiko Salma, mihevitra aho fa ny mpangalatra no naka ireo vola dinary, teo no eo dia nandray telefaonina izy :

Allô ! Allô.

Lehiben'ny polisy, miarahaba anao.

Miarahaba ianao, inona no tadiavinao?

Very tamiko androany ny vola mitentina 500 dinary, tao amin'ny tahiry

Niteny ny lehiben'ny polisy: izao dia izao dia handefa solontena any aho.

Afaka folo minitra dia indro fa tonga tao an-trano ilay solontena, sy polisy vitsivitsy, nisava ilay tahiry sy ny efitrano.

Niteny ilay solontena: sokafy kely ny varavaran'ny lavarangana.

Dia nihomehy ilay lehilahy niteny hoe: tsy ho hitanao any andavarangana ny mpangalatra, raha tany izy dia hitanay.

Niteny ilay solontena: tsia, vahao, vahao.

Dia novahan'ilay lehilahy ny varavarana, ka niakatra ilay solontena sy ireo polisy ary ilay lehilahy, dia niteny ilay solontena: mpangalatra ilay izy fa tsy mpiasa an-trano.

Niteny ilay lehilahy: fa ahoana izany? Nefa tsy mahita mpangalatra akory izahay!

Niteny ilay solontena: ity misy dian-tongotr'olona nandalo avy amin'ny tohatra nankany amin'ny rindrina avaratra ary tsy misy afa-tsy mpangalatra ilay izy.

Ilay lehilahy: mahagaga izany! Tsy mahita mpangalatra anefa aho!

Solontena: raha tsy mpangalatra àry ilay izy, dia inona itony dian-togotra itony izay hitantsika eo andavarangana?

Ilay lehilahy: ahoana no hampitombona ny finoanay ny fisian'ny olona nefa tsy hitanay?

Solontena: mino isika amin'ny fisian'ny famantarana azy, ary izany no hevitra ny tenin'ny manan-tsaina hoe: “ny famantarana dia maneho izay nampisy ny famantarana”, ka amin'ny alalan'izany teny izany dia niteny ireo manam-pahaizana: tena marina ity tontolo lehibe ity dia mirakitra karazam-biby samihafa: voromailala, boloky, sidisidina, fody, soavaly, apondra, osy, rameva, ondry, omby, liona, ambodia, tigra.

Karazan-trondro samihafa, ireo biby madinika isan-karazany.

Ireo zava-maniry sy voan-kazo miloko samihafa: ny voasarimakirana, ny voatango, ny antrendry, ny voaloboka, ny aviavy...

Ireo voninkazo manitra isan-karazany: ny violety, ny iris, ny lisy, ny raozy.

Ireo harena an-kibonintany maro: ny solitany, ny godorao, ny volamena, ny volafotsy, ny vatosoa isan-karazany.

Ny rano sesehena: ny loharano, ny ranomasina, ny renirano.

Ny olombelona sy ny fihodirany: ny mena, ny fotsy, ny volontany, ny mavo, ny mainty...

Ireo tendrombohitra avo.

Ny lanitra, mahatalanjona izay eo aminy: ny masoandro, ny volana, ny kintana, ny rahona.

Tsy maintsy ary manana mpampisy sy mpamboatra, izay namorina azy ireo rehetra ireo ary nandavorary ny famboarana azy.

Ary teo dia nanontany ilay lehilahy nanao hoe: iza no namboatra izao tontolo izao?

Dia namaly izy: Allah

Nahita famantaranandro teny amin'ny namany Mahmoud i Mohammad izay ao amin'ny kilasy fahenina ao amin'ny ambaratonga voalohany.

Dia nanontany izy: taiza no nahazoanao iny famantaranandro iny?

Namaly azy Mahmoud: tsy novidiako tany amin'ny fivarotana famantaranandro izy ity, fa nandeha tany an-trano aho avy any am-pianarana dia hitako tampoka teo amin'ny tanako ity famantaranandro ity, fa tsy nisy mpamboatra azy!

Mahmoud: mahagaga izany lazainao izany ry Mohammad!

Tsy mitombona ny hisian'ny famantaranandro amin'ny alalan'ny tenany tsy nisy n'iza n'iza namboatra azy, angamba ianao mila mihomehy amiko!

Mohammad: ny famantaranandro ve no lehibe sa ny lanitra?

Mahmoud: ny lanitra

Mohammad: ny famantaranandro ve ny lehibe sa izao tontolo izao sy izay misy ao aminy toy ny olombelona sy ny biby ary ny zava-maniry sy ny metaly...?

Mahmoud: izao tontolo izao no lehibe noho ny famantaranandro.

Mohammad: mahatalanjona! Ianao ry Mahmoud mahafantatra fa tsy maintsy misy mpamboatra azy ny famantaranandro, nefa tsy mahafantatra fa izao tontolo izao misy mpamboatra, eny: ry namako, ry Mahmoud,

manana mpamboatra sy mpamorina izao tontolo izao, antsoina hoe: Allah, ary izany no hevitra ny tenin'ny manan-tsaina hoe: “izay namboarina rehetra dia tsy maintsy manana izay namboatra azy”

Mahmoud: marina ny anao ry namako Mohammad, porofo tsara tokoa izany! Saingy nanana namana tao amin'ny ambaratonga faharoa aho, Ahmad no anarany, ao amin'ny kilasy fahadimy izy, ary fantatrao fa mahalala bebe kokoa noho izaho izy, ary angamba izy tsy resy lahatra ny amin'izany porofo izany.

Moa ve ianao manana porofo ara-pahalalana mba handresintsika lahatra azy amin'ny fisian'i Allah?

Mohammad: eny, nianatra tamin'ny mpampianatro porofo ara-pahalalana tokoa aho, ampy handresena lahatra, ka andao isika ry Mahmoud ho any amin'i Ahmad; hampatsiahivako azy ny porofon'ny mpampianatro.

Mohammad: manao ianao ry Ahmad!

Ahmad: manao ianao ry Mohammad! Inona no nahatongavanao?

Mohammad: tonga aho mba hilaza porofo avy amiko amin'ny fisian'i Allah

Ahmad: tongaso, omeo ary ny porofonao!

Mohammad: hametraka fanontaniana efatra aminao aho, koa valio amiko izany.

Ahmad: eny, ho valiako ianao

Mohammad: zavatra misy ianao izao, ary talohan'ny roapolo taona, tsy mbola nisy, moa tsy izany ve?

Ahmad: eny, izany tokoa.

Mohammad: ianao no nahary ny tenanao?

Ahmad: tsia, tsy vitan'ny olona ny nahary ny tenany, mazava izany

Mohammad: reninao sy rainao, na ny olona sisa rehetra, no nahary anao?

Ahmad: mitombona izany.

Mohammad: tsy mitombona izany, raha toa ny rainao na ny reninao no nahary anao, dia nahafantatra izay ao aminao, ny fo, ny aty, ny tsinay, ny havokavoka, ny sarakaty, ary ny rehetra.

Ny rainao tsy mahafantatra, fa raha nahary anao izy dia fantany izany, tahaka ny rehetra izay namboatra

zavatra, fantany avokoa ny mampiavaka sy ny mombamomba izay namboariny.

Ahmad: porofo tsara tokoa izany, fa ny raiko sy ny reniko ary ny olona sisa rehetra tsy nahary ahy.

Mohammad: zavatra tsy nisy saina sy tsisy fahatsapana ary fahalalana no nahary anao?

Ahmad: tsia, tsy mitombona izany, satria ny fahariana ahy dia mitaky fahalalana, ary mazava ny amin'izay.

Mohammad: ianao nisy tsy nisy mpahary, ary tsy nisy mpamboatra?

Ahmad: tsia, tsy mitombona izany, satria ny zavadrehetra dia mila mpamboatra.

Mohammad: raha lavinao izany fizarana efatra izany, dia tsy maintsy hiteny ianao hoe: namorina anao Ilay Mpahay sy Mpahefa ary Mpandinika.

Ahmad: eny, izany tokoa, ka iza izany ry namako?

Mohammad: Izy no Allah, noho izany ry Ahmad tsy maintsy ianao miaiky fa Allah no nahary anao.

Ahmad: miaiky izany aho, ary misaotra anao amin'izany porofo izany, Ary izaho talohan'izany dia efa nanontany ny rehetra mba hanoro ahy izany porofo mandresy lahatra izany, fa tsy nahita izany porofo izany aho.

Taorian'ny fieritreretana lava, dia nanokatra ny vavany izy, niteny hoe: moa tsy miteny izy ireo fa “ny natiora no nampisy izao rehetra izao”?

Mohammad: manana saina na fahefana na fahalalana ve ny natiora?

Ahmad: tsia.

Ka inona izany ny natiora? Hazavao amiko izany azafady.

Ahmad: tsy fantatro, inona izany.

Mohammad: miteny aho: raha toa ny tian'izy ireo hambara ny amin'ny natiora: zavatra mahafantatra sy manam-pahefana, sy...dia izany no antsointsika hoe: “Allah”.

Fa raha toa kosa zavatra tsy manam-pahalalana sy tsy manam-pahefana, ka izay tsy manam-pahalalana dia tsy afaka ny hampisy, ary izay tsy manam-pahefana dia tsy afaka ny hamorina.

Mohammad: moa ve ny olona jamba, malemy, moana, marenina ary...afaka ny hanorina trano, na hamboatra famantaranandro, na...?

Ahmad: tsia; tsy afaka.

Mohammad: ka ny natiora izay jamba sy bado, tsy manam-pahefana, ahoana no ahafahany hamboatra ity tontolo mahatalanjona ity? Avy eo, inona moa ny natiora, moa ve izy rivotra, sa habakabaka, na hazo sa renirano, biby sa olombelona, na...? izany rehetra izany dia

mitaky antony, nefa izy tsy mety ho antony ho an'ny hafa.

Nandray “camera” tamin’ny tàmàny i Ali, dia nanontany azy ny rahalahiny kely Jamâl nilaza hoe: an’iza iny “camera” iny? Namaly azy izy: ahy ity “camera” ity, dia mbola nanontany azy fanindroany ny rahalahiny: iza no namboatra azy iny?

Namaly azy Ali: lehilahy tantsaha no namboatra azy, Adnân no anarany.

Gaga i Jamâl tamin’izany valinteny izany, ka niteny hoe: Adnân, lehilahy tambanivohitra, bado, tsy manam-pahalalana sy fahafantarana, ary tsy nandeha an-tsekoly, sy tsy niasa tany amin’ny orin’asa.

Nefa io “camera” io dia tsy vitan’ny olona bado toa an’i Adnân ny mamboatra azy!

Ali: Jamâl, mitsara ny tenanao ianao.

Jamâl: ahoana izany ry Ali?

Ali: satria izaho naheno anao niteny andro vitsy taloha: fa ny mpamboatra izao tontolo izao tsy voatery ho manam-pahalalana, koa dia miteny aminao aho:

Ahoana ity “camera” bitika ity no hitaky olona mahay mpamboatra azy, nefa ny tontolo lehibe sy midadasika izay tsy takatry saina no tsy hitaky izay mpahay tsara izany, ity tontolo ity izay narindrany sy napetrany tao araka ny toerany ny zava-drehetra, ka tsy hitaky mpamboatra manam-pahalalana?

Ali: faharoa, miteny aminao aho, fa ny mpamboatra ity tontolo ity dia tsy maintsy manam-pahalalana.

Jamâl: eny, izany tokoa Izy, marina fa diso tokoa aho tamin'ny teniko, teo aloha: tokony hanam-pahalalana ny mpamboatra ity tontolo ity!

Hachim: nandalo teo amin'ny lehilahy injeniera aho taloha, mahafantatra ny amin'ny fanisana sy ny asa-marika izy (mathématique); ary antsoina hoe Al Halim, saingy tapa-tànana izy, dia niteny tamin'ny lehilahy iray teo anilako aho: inona no ataon'io lehilahy io?

Dia namaly ahy izy: manao ny asa fanorenan-trano izy; manorina lapa goavana, sy trano midadasika.

Hachim: ny hevitr'izany ve, mibaiko ireo mpiasa amin'ny fanorenana izy?

Ilay lehilahy: tsia, Al Halim mihitsy no manorina amin'ny alalan'ny tenany.

Hachim: mahagaga izany teninao izany!

Ilay lehilahy: nahoana?

Hachim: satria ny olona izay tsy manana tànana dia tsy afaka ny hanao fanorenana amin'ny alalan'ny tenany.

Ilay lehilahy: fa nahoana?

Hachim: satria izy tsy manana fahefana amin'izany, ary izay rehetra tsy manana fahefana dia tsy afaka hanatanteraka.

Ilay lehilahy: eny, izany tokoa, ary diso tokoa ny amin'izany eritreritra izany, saingy miangavy anao aho ry Hachim mba hanazava amiko izany amin'ny fanazavana mazava.

Hachim: eny, ary misaotra anao tokoa aho amin'ny fanajanao ny fahalalana, ary noho ny fizarana amin'ny fikarohana fahazavana.

Fantaro ry rahalahiko: ny mpamboatra rehetra dia tsy maintsy manana fahefana izy, amin'ny zavatra amboarina, ohatra: izay mandrafitra dia tsy maintsy manana fahefana amin'ny rafitra.

Izay manorina dia tsy maintsy manana fahefana amin'ny fanorenana.

Izay miteny, dia tsy maintsy manana fahefana amin'ny fitenenana.

Izay mamboly, dia tsy maintsy manana fahefana amin'ny fambolena, dia ny hafa ankoatra izany..

Ary izany resaka izany dia mifanaraka amin'ny saina, ka noho izany:

Ny mpamboatra manam-pahalanana dia tsy maintsy: Allah, manam-pahefana; fa raha tsy izany dia tsy afaka ny hampisy izao zava-misy rehetra izao.

Noho izany: aoka hazava tsara izao zavatra telo izao

Ny voalohany, tena marina izao tontolo izao dia misy mpamorina sy mpamboatra antsoina hoe: Allah.

Ny faharoa, tena marina Allah dia mahalala ny toejavatra rehetra.

Ary ny fahatelo, tena marina Allah dia mahefa amin'izay rehetra mety misy.

Nidina avy eny ambony lamosin'ny ramevany izy, rehefa voatery ny amin'izany, ary nila ny hampidina azy, dia nanomboka nitazana ilay rameva izy, izay efa very hevitra, nikainkona ny tanan'ilay rameva ary nitsotra ny tongony, ary nanetsika ny rambony.

Nitazana ilay rameva tamim-pahagagana ilay tambanivohitra, tahaka ny tsy mbola nahita ny endriky ny fahafatesana tamin'izany fotoana izany!

Maty ilay rameva, dia nanomboka nizaha sy nandinika ny rantsam-batany izy, manana maso izy, nefa nahoana no tsy mahita? Manana sofina izy, fa nahoanano tsy mandre? Manana tãnana sy tongotra izy, fa nahoana no tsy mihetsika sy tsy mifoha?

Namerimberina ireo fanontaniana maro ireo izy teo amin'ny tenany sy ilay rameva, tena marina feno sy tomombona ny rantsam-batana ary ny taovan'ilay rameva, nefa nahoana? Dia toy izany hatrany nandritra ny folo minitra!

Dia nandalo teny amin'izy ireo ny mpandalo, ka nitazana izay nanjo azy ireo, ilay rameva maty sy ilay tambanivohitra izay talanjona tanteraka tokoa!

Nisy niteny azy tampoka anefa: inona no mahazo ralehilahy? Nahoana ianao no mitazana io rameva maty io amin'ny fijery feno fahagagana!

Namaly ilay tambanivohitra: gaga aho, nahoana izy no tsy mihetsika nefa ireo rantsany sy taovany tomombana avokoa?

Ilay lehilahy: ry tambanivonihitra, tsy ny fihetsehan'ny rantsam-batana ihany akory, fa ny fanahy no tena sarobidy amin'ny olombelona, sy ny biby, tsy tanteraka ny fitazanana, sy ny fihainoana ary ny fihetsehana, ny fitenenana eo amin'ny olona ary ny hafa ankoatra izany tsy misy fanahy, ny ramevanao dia very aminy ny fanahy, niala ny aina..

Talanjona tamin'izany teny izany ilay tambanivohitra bado: nefa tsy misy azo atao afa-tsy ny fanekena.

Tanteraka ny fandaharana, ary ilay rameva tsy rameva teo aloha akory.

Eto dia noraisin'ny mpandalina ny filozofia ny teniny hoe: ny tsy fisian'ny aina dia tsy mitombona velively ny fisian'izay ilaina ho amin'ny fiainana.

Eto dia aoka hazava aminao

Allah izay apetraka fa manam-pahalalana sy manam-pahefana Izy: dia velona. Ny zava-drehetra izay mpahay sy mpahefa dia velona izy.

Ny Talen'ny sekoly: mahay sy mahefa dia velona izy.
Ny filoham-pirenena: mahay sy mahefa dia velona izy,

ny Mpanjaka, mahay sy mahefa dia velona izy. Ary hafa mitovy amin'izany..

Allah: Mpahay sy Mpahefa Izy, velona Izy.

Niteny Faiq: zazalahy kely fito taona, nanomboka nihomehy izy sady niteny: afo mirehitra, tsy fantatra, afo mirehitra tsy fantatra.

Ny rahalahiny “zaki”: inona izany ry Faiq?

Faiq: nirehitra ny volon'ny anabaviko “Fadhila”; ary fihetsiky ny bado izany

Zaki: tsia ry rahalahiko, tsia, izany fihetsika izany dia tsy noho ny habadoany.

Faiq: fa nahoana no may ny volony sarobidy sy tsara iny?

Zaki: ny afo dia anisan'ny toetrany ara-boajanahary ny mandoro, tsy tsapanao fa izay mandoro ny kitay na ny volo, dia tsy voaavaka.

Faiq: hazavao amiko izany.

Zaki: izay manao zavatra iray dia misy sokajiny roa:

Ny voalohany: izay tsy manana fikasana ny amin'izany toy ny afo, mandoro tsy misy fikasana.

Ny faharoa: izay miaraka amin'ny fikasana, toy ny olombelona, mandeha any an-tsena izy noho ny fikasana, mandeha any am-pianarana izy noho ny

fikasana, dia toy izany ny biby mihinana izy noho ny fikasana, ary misotro noho ny fikasana.

Mikasa ny hanao zavatra iray izy, ary mikasa ny tsy hanao zavatra.

Eto dia afaka miteny isika: Allah dia manana fikasana.

Mahita isika fa izy dia mila ny handatsaka ny orana anio dia latsaka izany. Ary mila ny tsy hilatsahan'ny orana rahampitso dia tsy latsaka izany. Mila ny hanome anjara sakafo ny zanakalahy, dia omeny anjara sakafo ny zanakalahy. Mila ny hanome anjara sakafo ny zanakavavy dia omeny anjara sakafo ny zanakavavy.

Moa ve fantatrao izany ry Faiq?

Faiq: eny fantatro izany.

Zaki: raha fantatrao àry izany dia hazavao amiko.

Faiq: tena marina Allah dia manana fikasana: midika izany fa izy dia manao zavatra araka ny fikasana.

Raha sitrany dia tanterahiny, ary raha sitrany dia tsy tanterahiny. Fa ny toetrany dia tsy mitovy amin'ny an'ny afo izay tsy manana fikasana fa mandoro ny zava-drehetra izay sendra azy.

Zaki: marina ny anao ry Faiq, saingy tiako ny hamerenanao amiko izay novakiana tao anatin'ity boky ity hatreto.

Faiq: eny, namaky hatreo aho, trangan-javatra dimy:

Ny voalohany: ny manam-pahalalana izay mpamorina sy mpamboatra dia antsoina hoe: “Allah”.

Ny faharoa: marina tokoa fa Allah dia mahafantatra ny zava-drehetra.

Ny fahatelo: Allah dia mahefa ny zava-drehetra.

Fahefatra: Allah dia velona.

Fahadimy: Allah dia manana fikasana.

Dia niteny taminy i Jawwad nisangy azy: moa ve manana maso ianao?

Jawwâd : ry namako, ry Said, eny manana maso tokoa aho.

Said: inona no ataonao amin’ny alalan’ny maso?

Jawwâd: hijereko izao tontolo izao izy, ary hahitako ny zava-drehetra.

Said: moa ve manana sofina ianao? Ary ataonao inona izy?

Jawwâd: eny, manana sofina aho, ary amin’ny alalany no hiainoko ireo feo.

Said: moa ve manana fahatsapana ianao?

Jawwâd: eny, manana fahatsapana aho.

Said: atao inona izy?

Jawwâd: amin'ny alalany no hahafantarako ireo zavatra, ohatra: fantatro fa mafana ity zavatra ity, ary iry kosa mangatsiaka, ity marokoroko, iry malamalama, ity mando, iry kosa maina.

Said: nihomehy izy, ianao izany ry Jawwâd Moudrik (mahatsapa).

Jawwâd: inona no hevity ny “Moudrik”?

Said: ny “Moudrik”, ny heviny dia:

Izay mahita ny zava-drehetra, sy maheno ireo feo, ary mahatsapa toetran-javatra.

Jawwâd: eny, “Moudrik” aho satria maheno sy mahita ary manana fahatsapana aho.

Jawwâd: nampatsiahy zavatra tamiko ianao ry Said, henoko tamin'ny raiko izany fotoana efa lasa teo aloha.

Said: inona izany ry Jawwâd?

Jawwâd: henoko ny raiko nilaza hoe:

Allah Moudrik (mahatsapa); nefa tsy fantatro ny hevitr'izany, ankehitriny dia tiako ny hanazavanao amiko izany?

Said: eny, ny hevity ny hoe mahatsapa Allah: dia mahita ny zava-drehetra lzy, sy mandre ny zava-drehetra, ary mahadinika ny zavatra sisa rehetra.

Jawwâd: mahagaga!

Allah mahita antsika, mandre ny tenintsika lzy; mahadinika izay ataontsika?

Said: eny, ry Jawwâd, mahita ny zavatra rehetra tokoa Allah, eny fa dia hitany hatramin'ny vitsika bitika indrindra, amin'ny alina maizin-kitroka, ary mahita anao lzy, na dia any amin'ny efitranonao aza ianao, mihidy varavarana ao ianao, koa tsy maintsy ianao ry Jawwâd no manara-maso ny tenanao, mba tsy hisehoan'ny asa ratsy avy aminao.

Eny, ry Jawwâd, mandre ny feo rehetra Allah, eny fa dia mandre ny lalitra manidina lzy, mandre ny teninao lzy, eny fa na dia miresaka mangina amin'ny namanao aza ianao, ka tsy maintsy ianao mitandrina ny teninao ry Jawwâd; mba tsy hitranga avy aminao ny teny ratsy.

Eny ry Jawwâd, tena marina Allah dia mahadinika ny zava-drehetra, ary mahatsapa izay ataontsika, mahafantatra izay kasaintsika, na dia ny any ampontsika aza.

Jawwâd: talanjona izy!

Allah mahadinika sy mahafantatra izay ao ampontsika?

Said: eny ry Jawwâd, eny.

Jawwâd: noho izany, tokony isika tsy hikasa zavadratsy, ka hametraka faniriana ratsy.

Jawwâd: ry Said, nampianatra zavatra iray izay tsy fantatro ianao.

Ary mihevitra aho, fa ny ankamaroan'ny mpianatra ao amin'ny sekolintsika, tsy mahafantatra izany.

Said: mampalahelo izany.

...noho izany dia nitopy teny amin'ny voninkazo mahafatifaty ny fijeriny, tao anivon'ny zaridaina, niteny tamin'ny mpampianatra izy: ry mpampianatra: avy aiza io voninkazo mahafatifaty io?

Ny mpampianatra: mahagaga ny fanontaniana! Iaraha-mahalala fa ny tantsaha no nametraka azy amin'io toerana io.

Rachid: eny ry mpampianatra, fantatro izany, saingy manontany anao aho: avy aiza io voninkazo io? Ary inona no fiaviany?

Ny mpampianatra: ankehitriny dia mazava amiko ny fanontaniana, eny ry Rachid:

Ny fiavian'ny voninkazo voany, alevin'ny tantsaha any ambanin'ny tany mahavokatra, dia mitsimoka izy avy eo fotoana vitsy ary mamokatra io voninkazo io.

Rachid: ary avy aiza ny voany?

Ny mpampianatra: rehefa maina ny voninkazo amin'ny vanim-potoanan'ny ririnina iny, na ny lohataona dia alain'ny tantsaha izy, ary misy voany maro ao amin'ilay voninkazo maina.

Rachid: misy fanontaniana hafa ihany koa aho?

Ny mpampianatra: hanontanio.

Rachid: nilaza ianareo teo, fa ny voninkazo izay hitantsika dia avy amin'ny voany. Ary faharoa, niteny

ianareo fa iny voany avy amin'ny voninkazo iny no talohany.

Noho izany, ny voninkazo dia avy amin'ny voany, ary ny voany dia avy amin'ny voninkazo, dia aiza izany no hiafaran'ny resaka?

Ny mpampianatra: fantaro ry zanako fa ny zava-drehetra dia manana fiandohana sy fiafarana. Ohatra: ny olombelona tsirairay, ny fiandohany dia Adam (a.s), ary ny voninkazo tsirairay, ny fiandohany dia voninkazo na voany, izay noharian'i Allah, ary dia toy izany.

Ny zava-drehetra dia misy fiandohana, afa-tsy zavatra iray monja, fa izy dia tsisy fiandohana ary tsy misy fiafarana.

Rachid: inona izany zavatra izany ry mpampianatra?

Ny mpampianatra: izany zavatra izany dia ilay tsy manam-piandohana, Allah izany.

Fa izy no fiandohan'ny zava-drehetra, sy talohan'izy ireo, avy eo handringana ny zava-drehetra lzy.

Ary dia nitoetra tamin'izay nisy azy teo aloha izy.

Izany no hevitra ny tenin'ireo manam-pahaizana : « Allah : tsy manana fiandohana lzy ary tsy manana fiafarana », sy ny tenin'izy ireo hoe : « Allah : efa hatramin'izay sy mandrakizay »

Ny mpampianatra : ry Rachid, raha manontany anao ny namanao Faouzi hoe : inona no fantatrao ny amin'i Allah, ary inona ireo toetrany ?

Dia inona no navalinao azy ?

Rachid : lazaiko izy hoe : ny fantatro ny amin'i Allah sy ireo toetrany dia zavatra fito.

Ny mpampianatra : hazavao amiko izany ry Rachid

Rachid : eny.

Ny voalohany, ny manam-pahalalana sy mpamorina ary mpanamboatra dia Allah.

Ny faharoa, Allah dia mahafantatra ny zava-drehetra.

Ny fahatelo, Allah dia mahefa amin'ny zava-drehetra.

Ny fahefatra, Allah dia velona.

Ny fahadimy , Allah dia manana fikasana : mila zavatra iray Izy dia tanterahiny izany, na tsy mila ilay zavatra Izy, dia tsy tanterahiny izany.

Ny fahenina, Allah dia mahatsapa sy mahadinika : mahita ny zava-drehetra Izy, ary mandre ireo feo, mahadinika ny zava-drehetra, ary mahafantatra izay raiketin'ny fo.

Ny fahafito : tena marina Allah dia efa hatramin'izay, talohan'ny zava-drehetra, ary mandrakizay mitoetra aorian'ny zava-drehetra.

...niantso mafy izy : fiara, fiara.

Ny mpamily : inona no ilainao ?

Mahdi : mba entonao any amin'ny fitsarana izahay.

Ny mpamily : antsasaka dinary

Mahdi : eny, omenay anao izany.

Mahdi : ny fiadanan'ny Tompo anie ho aminao (tonga teo amin'ny mpitsara).

Ny mpitsara : ny fiadanan'ny Tompo koa anie ho aminao.

Mahdi : izy no namako Abbas, nanomboka nitaky tamiko ny tranoko izy, nefa ahy izany, izay nolovaiko avy amin'ny raiko. Niteny izy : ahy izany trano izany, nefa mila mandroaka ahy izy.

Ny mpitsara : moa ve ianao manana vavolombelona, ry Abbas !

Abbas : Andriamatoa mpitsara, tsy manana vavolombelona aho, nefa ahy io trano io, fananako io.

Ny rain'io lehilahy io no nangalatra izany tamiko, avy eo taoriany ny zanany Mahdi.

Ny mpitsara : marobe ny andraikitra anio, ka hahemotsika rahampitso ny fotoam-pitsarana.

Abbas ; lasa tany amin'ny mpitsara izy ny alina, ny fiadanan'ny Tompo anie ho aminao.

Ny mpitsara : ho aminao ihany koa anie ny fiadanan'ny Tompo.

Abbas : indro misy fanomezana avy aty amiko ho anao ry mpitsara hajaina, miangavy aho mba hanekenao izany

Ny mpitsara : tsy mampaninona

Mahdi : ny ampitso maraina, avia ianao ry Abbas, androany ny fotoana nifanomezana, handeha ho any amin'ny fitsarana isika.

Abbas : eny.

Mahdi : ny fiadanan'ny Tompo anie ho aminao Andriamatoa mpitsara.

Ny mpitsara : ho aminao koa anie ny fiadanan'ny Tompo.

Mahdi : averina fanindroany ny fotoam-pitsarana. Ny mpitsara : inona no ambaranao ry Abbas ?

Abbas, naveriny ny teninny teo aloha, tamin'ny omaly.

Ny mpitsara : izaho mahita ny tokony hilaminanareo

Mahdi : fa nahoana no izany ? nefa tranoko io, nolovaiko tamin'ny raiko, ny mpiara-monina amiko mahafantatra izany avokoa, fa Abbas lehilahy mpanao tsy rariny, tsy manana vavolombelona izy, ary tsy manana porofo.

Ny mpitsara : mangina ianao, mivoaha ianao, izaho no solontenan'ny mpanjaka, tsy zonao ny manohitra ahy, tena marina aho efa nandalina sy nandinika, ka ny fehin-kevitra nipoitra dia Abbas no tompon'ny trano.

Mahdi, taorian'ny fieritreretana lava, dia nahafantatra izay nitranga, ary niteny izy : moa izany no fitsipika mifehy ny fitsarana ? Moa ve tahaka izao no hamadihana ny marina ho lainga, ary ny lainga ho marina ? Moa tsy henonao ve Allah miteny hoe : « ary raha mitsara eo amin'ireo olona ianareo dia aoka hitsara amim-pahamarinana »

Ny mpitsara : nikapoka ny lohany izy, ary nandinika ny tenin'i Allah nandritra ny fotoana maromaro, avy eo nahita fa sarotra ny misy azy manoloana ny marina sy ny diso. Manoloana an'i Allah sy ny fanomezan'i Abbas, farany dia nahazo vahana tao an-dohany ny valiny ka nanome rariny ny tompon'ny fahamarinana izy, dia i Mahdi izany.

Ary navoakany hiala ny trano fitsarana i Abbas ; tamim-panambaniana tanteraka. Avy eo nizotra teny amin'i Mahdi izy, sady niteny hoe :

Mahandrasa kely ianao, fa misy resaka aminao aho...

Mahdi ; niandry izy, mandra-pahatapitry ny fotoampiasan'ilay mpitsara.

Ny mpitsara : marina ny anao ry Mahdi, nampatsiahy ahy zavatra ianao, izay adinoko. Miangavy anao mba hanazavanao amiko ny hevitra ny teninao hoe : miteny Allah.

Moa ve miteny Allah ? Ary ahoana no niresahanao Aminy ?

Mahdi : eny, Andriamatoa mpitsara, miteny Allah.

Ary ny hevitra ny teniny, dia misy feo amin'ny zavatra iray, satria Allah dia mahefa ny zavatra rehetra.

Allah, tsy manana lela sy vava lzy, izay mitovy amin'ny olombelona, sy ny biby, fa nahary ny teny, anatin'ny rivotra, ohatra.

Ny mpitsara : marina ny anao, henoko matetika amin'ireo mpitoriteny sy ny ankoatra azy ireo ny hoe : niteny Allah, miteny Allah, niteny tamin'i Moussa Allah.. tsy fantatro anefa ny hevitr'izany teny izany, saingy fantatro izany ankehitriny, noho ianao, misaotra anao aho ry Mahdi.

ô mangatsiaka tokoa izany ! ô fijalian'izay mahantra izany !

mafy tokoa izany tafio-drivotra izany, ary ny orana manomboka mirotsaka, nefa ny vadiko tsy eo, tsy mbola tonga amin'izao ora amin'ny alina izao izy.

Matahotra aho sao mianjera amin'ireo ankizy ny tafotrano, inona no lazaiko ny vadiko, ry Allah ?

Dia latsa-dranomaso izy

Ja'afar, mpiray monina aminy, naheno ny feony tao anatin'ny alina maizina, dia nitsangana teo ampandriany, niteny tamin'ny vadiny :

Mahya, inona izany taraina sy tomany izany ?

Mahya : tomanin'ny mpiara-monina amintsika, Lamy, ilay vehivavy mahantra, simba ny tranony, nefa ny

vadiny tsy afaka manatanteraka ny adidiny, satria mahantra mitovy aminy koa izy.

Ja'afar : inona no hevitrao? misy vola any amin'ny banky aho, 1000 dinary, hanampiantsika ny vadiny ny antsasaky ny volako, mba hanorenany ny tranony, ary iainany sy ny ankohonany, anatin'ny fahafinaretana sy fiadanana.

Mahya : mahagaga ahy ianao ry Ja'afar, reraka ianao manomboka maraina ka hatramin'ny alina, amin'ny fanorenantrano, nefa avy eo omenao ny mahantra fotsiny izay anananao, tsy misy tombony ho anay mihitsy ?

Ja'afar : mahaso aintsika izany.

Mahya : inona no tombony amin'izany ? tombony inona akory ?

Ja'afar : tena marina Allah dia nampanantena izay manao soa ireo mahantra, fa hampivelatra ny fiainan'izy ireo, ary hanome azy ireo tambiny avo zato heny sesehena.

Mahya : moa ve Allah manatanteraka izay nampanantenainy ?

Ja'afar : eny, ry Mahya, Allah dia marina amin'ny teniny. Manatanteraka izay nampanantenainy, ka raha miteny zavatra iray lzy, dia marina ny teniny, ary raha mampanantena zavatra lzy, dia manatanteraka ny fampanantenany.

Mahya : hazavao amiko izany ry Ja'afar !

Ja'afar : eny, ny olona izay mandainga,

Voalohany, dia na izy bado, ohatra : miteny izy : ho toy izao izy rahampitso ; nefa noho ny habadoany dia tsy toy izany akory izy.

Faharoa, satria izy manana filàna, ohatra : miteny izy : omeke vola ianao, raha manao izao, satria izy mila izany asan'ilay olona izany, avy eo tsy manome azy vola akory, noho ny fahantrany, na satria izy olona ratsy toetra mihitsy, fa Allah kosa dia tsy bado akory ! Ary tsy mitady sy tsy ratsy ihany koa.

Eny, vaovao izy, avy eny amin'ny Oniversite, ary mino aho fa anisan'ny dokotera mendrika indrindra, satria izy, voalohany indrindra, nahazo ny mari-pahaizana ambony, ary ny fahalalany dia farany indrindra tamin'ireo fahalalana ara-pitsaboana vao hita tsy ela.

Faharoa, izay anisan'ny manan-danja indrindra, mpino an'i Allah izy.

Ry zanako Taoufiq raha izany no izy dia Dokotera Taha no dokotera mendrika indrindra

Hala, ento aty izy, fa marary mafy izy.

Taoufiq : eny, izao dia izao

Taoufiq : dokotera Taha, miarahaba anao.

Ny dokotera : inona no mahazo anao anaka.

Taoufiq : dokotera, ny zandriko vavy kely, Anissa, marary izy, ary efa niverimberina im-betsaka tany amin'ireo mpitsabo izahay, mihevitra izahay fa tsy mahafantatra ny marary azy ireo.

Noho izany, dia mbola mitoetra hatrany ny ady lava atao fahararian'ny valahana hatramin'ny fotoana maro.

Miangavy anao aho mba hiaraka amiko ho any antrano.

Ny dokotera : eny

Houssein : miarahaba anao dokotera

Ny dokotera : miarahaba anao

Houssein : izy no zanako vavy, Anissa, nandritra ny enim-bolana no narariany, efa nandeha dokotera maro izahay.

Ary efa nanome taratasim-panafody maro izy ireo, ity izany, saingy taoriana dia tsy nisy fiovana, fa toy ny tamin'ny voalohany ihany.

Ahoana no fahitanao azy ?

Ny dokotera : inona no tsapanao anaka ?

Anissa : mahatsapa fanaintainana eo amin'ny valahako aho nandritra ny fotoana maro.

Ny dokotera, nanomboka nanao ny fizahana tao anatin'ny fotoana vitsy izy, avy eo niteny : hitako ny faritra marary ankehitriny, raha sitrak'i Allah

Ny dokotera : ry Houssein, raisinareo eny amin'ny fivarotam-panafody ireo fanafody ireto, ary ampiasainareo mandritra ny telo andro, mihevitra aho fa ho tsara izy, ary aorian'izany dia aoka ianareo hanambara vaovao amiko.

Houssein : ry zanako Taoufiq, nividy fanafody ve Hala ?

Taoufiq : eny

Taoufiq : ity ny fanafody ry dada, 4, 750 dinary ny vidiny.

Houssein : ampiasaonareo ny fanafody ry zanako Anissa.

Anissa : voadidy amin'ny fampiasana ny fanafody, ny zoma sy sabotsy ary alahady.

Anissa : ry dada, mahatsapa aho fa efa niala ny fanaintainana.

Houssein : Anissa, tsy maheno marary intsony ianao, mahagaga !

Taoufiq : ry neny, avia ianao, miteny Anissa fa nitsahatra ny marary. Avia, avia ianao !

Ny reny, tonga izy sady miramirana niteny hoe : ry zanako, Taoufiq, nefa mandehana ianao any amin'ny dokotera dia ilazao izy, ho tonga aty indray mandeha, hizaha ny toe-pahasalaman'ny zanako vavy Anissa.

Ny dokotera : nanao ahoana ny fahasalamanao ry Anissa ?

Anissa : vokatry ny fanafodinao dia nitsahatra ny aretina

Ny dokotera : lazao hoe : misaotra an'i Allah.

Anissa : talanjona izy, inona no hevitr'izany hoe misaotra an'i Allah ?

Ny dokotera : tena marina Allah, rehefa manasitrana ny marary, dia tokony hisaotra an'i Allah, ohatra : raha misy olona manome fanomezana anao, na manao soa anao, na..toy ny filazanao hoe : misaotra anao aho.

Tahaka izany, raha manome fahasalamana anao Allah, dia tokony hiteny ianao hoe : dera aho an'i Allah, misaotra an'i Allah

Anissa : talanjona izy ! azafady indrindra ry dokotera, sitrana aho, fa tsy misy ifandraisany amin'i Allah ?

Ny dokotera : fantaro ry zanako Anissa, fa ny tranganjavatra rehetra dia araka ny sitrapon'i Allah

Anissa : hazavao amiko ny amin'izany dokotera ; satria tsy henoko tany an-tsekoly izany

Ny dokotera : fantaro ry Anissa, fa Allah, Izy no manome ny aretina, ary Izy no manasitrana, Izy no manome, Izy no manome ny fahavelomana, sy manome ny fahatesana, Izy no manandratra, Izy no mampietry, Izy no manome ny fahantrana ary Izy no manome ny harena.

Izy no manao ny olona ho lehilahy raha sitrany, ary manao ny olon aho vehivavy raha sitrany ihany koa, sy ny ankoatra izany.

Anissa : izaho kosa mifanohitra amin'izany, mihevitra aho ohatra : fa ny olona misakafy ka tsy mifanaraka aminy izany dia mamparary azy, dia tonga ny dokotera ary manome fanafody azy dia sitrany izy.

Ny olona izay miezaka amin'ny fitadiavana dia manankarena, fa izay tsy mikaroka kosa dia hahantra, sy ny hafa ankoatra izany, dia toy izany no nianaranay tany am-pianarana !

Ny dokotera : tsy toy izany ry Anissa !

Moa tsy hitanao ny ankamaroan'ny olona, mihinana sakafo tsy mifanentana aminy, nefa tsy marary izy ireo ? Ary mifanohitra amin'izany, maro ireo olona tsy mihinana sakafo tsy mifanaraka aminy akory nefa marary ?

Moa tsy hitanao ireo olona maro, miezaka amin'ny fitadiavana, nefa mahantra ihany izy ireo ? Ary mifanohitra amin'izany, maro ireo olona tsy miezaka akory, nefa manankarena izy ireo ?

Maro ireo dokotera tonga amin'ny marary maro, nefa tsy mahasitrana azy ireo akory, jereo any amin'ny toeram-pitsaboana, toy izany koa maro ireo marary tsy manatona dokotera, nefa tsy miraharaha amin'izay aretina

Ary ny hafa ankoatra izany.

Noho izany, dia mazava amintsika fa ny baiko dia eo ambany fahefana sy sitrapon'i Allah ireny ihany.

Anissa: misaotra anao aho ry dokotera; azoko ny resakao, ary tsara tokoa izany! Saingy manana fanontaniana aho?

Ny dokotera: hanontanio izany anaka.

Anissa: raha toa ny trangan-javatra rehetra ka araka ny sitrapon'i Allah, nahoana ny olona no miasa? Nahoana no mitondra mpitsabo izy ireo ho an'ny mararin'izy ireo? Nahoana izy ireo no mihazakazaka hahazo toerana ambony sy voninahitra? Sy ny hafa ankoatra izany.

Ny dokotera: tsara tokoa ny fanontaniana; ry Anissa. Ka ny valiny, ny anton'izany trangan-javatra izany dia Allah no mampisy antony ho an'ny zava-drehetra, Izy no manasitrana saingy amin'ny alalan'ny dokotera. Izy no manome ny voninahitra sy ny toerana ambony, saingy amin'ny alalan'ny ezaka sy ny harerahana. Izy no manome harena, ary amin'ny alalan'ny fitadiavana sy ny varotra.

Ary hafa ankoatra izany, saingy ny ankamaroany dia tsy mivy vokany mialoha, hahafantaran'ny olona fa ny baiko dia eo am-pelatanan'i Allah Ilay Avo indrindra.

Anissa: nahoana Allah no tsy avy hatrany dia manao ny asa hatrany am-piandohana, tsy misy antony?

Ny dokotera: mba hifamenoan'ny trangan-javatra eto amin'izao tontolo izao, raha tsy mila mpitsabo ny olona, dia mipetraka tsy misy asa ny dokotera, raha tsy mila vola sy fitadiavana ny olona dia mitoetra tsy hamokatra zavatra mihitsy ny olona, ary tsy hivarotra, fa dia ijanona

amin'izao ny olona, tsy misy sakafo, tsy fitafy sy ny sisa...

Anissa: mazava fa ny dokotera dia anisan'ny manam-pahaizana momba ny toetry ny olona sy ny ara-panahy, tahaka ny maha manam-pahaizana azy ireo amin'ny fitsaboana. Misaotra indrindra ry dokotera:

Voalohany, satria ianao no anton'ny fahatsitranan'ny vatako.

Faharoa, satria ianao nampianatra ahy, izay tsy fantatro.

Tahaka ny filazako hoe: dera ho an'i Allah, fisaorana ho an'i Allah.

Ny tsoan-kevitra farany

Ny mpampianatra Amine : ry mpianatra marani-tsaina, mino aho fa namaky ny fizarana voalohany tamin'ny boky ianao « ahoana no ahafantaranao an'i Allah ? »

Adnân : eny, ry mpampianatra

Ny mpampianatra : moa afaka fintininao amiko ve izay raiketin'izany fizarana voalohany izany ?

Adnân : eny, vitako izany raha sitrak'i Allah

Ny mpampianatra: hazavao amiko izany.

Adnân: ny votoatin'izany fizarana izany dia miverina amin'ny fototra folo:

Voalohany: Allah dia Mpamorina izao tontolo izao ary nampisy izany.

Faharoa: Allah dia mahafantatra ny trangan-javatra rehetra: ny bitika aminy sy ny lehibe indrindra

Fahatelo: Allah dia mahefa ny zava-drehetra

Fahefatra: Allah dia velona, tsy maty akory lzy.

Fahadimy: Allah dia mikasa: mila manao zavatra lzy dia tanterahiny izany. Ary raha mila tsy manao izany lzy dia tsy tanterahiny izany. Ka izay rehetra miseho avy Aminy dia vokatry ny fikasany.

Fahenina: Allah dia mahatsapa sy mahadinika: mahita ny zava-drehetra lzy, mandre ireo feo lzy. Mahafantatra izay rehetra azo fantarina lzy.

Fahafito: Allah dia efa hatramin'izay, ary mandrakizay, lzy no talohan'ny zava-drehetra, ary hitoetra aorian'ny zava-drehetra.

Fahavalo: Allah dia miteny: nahary ny fitenenana lzy, tao anatin'ny rivotra; na ankoatra ny rivotra, ka maheno ny teniny izay sitrany.

Fahasivy: Allah dia marina amin'ny teniny, sy ny fampanantenany: tsy mandainga lzy, manatanteraka izay nampanantenainy, ary marina amin'izay nolazainy.

Fahafolo: Allah; noho ny sitrapony no hitrangan'ny trangan-javatra: ny fahavelomana, sy fahafatesana, ny fananan-karena, ny fahantrana, ny fahasalamana, ny aretina, ny fahamboniana, ny fahambaniana, ary ny hafa ankoatra izany.

...tsia, diso izany, hanontanio ny lehiben'ny trano fikarohana.

Hâdi: fa inona no lazainao ry Fouad?

Fouad: izay rehetra manana singa roa, dia tsy maintsy misy any ho any mpampitambatra azy roa.

Hâdi: hazavao amiko ny amin'izany amin'ny alalan'ny ohatra

Fouad: handeha ho any amin'ny lehiben'ny trano fikarohana isika, satria izy mahalala bebe kokoa mihoatra ahy, ary afaka manazava tsara izany tokoa.

Fouad: fiadanan'ny Tompo anie ho aminao ry lehibe hajaina.

Ny lehibe: ho aminao koa anie ny fiadanan'ny Tompo, inona no nahatongavanao ry Fouad, ianao sy Hâdi?

Fouad: nisy resaka teo amiko sy Hâdi, momba ny trangan-javatra tsotra: izay rehetra manana singa roa dia tsy maintsy misy any ho any mpampitambatra azy ireo.

Hâdi anefa mitsipaka izany, fa izaho kosa manamafy izany.

Ny lehibe: ny anao no marina ry Fouad

Hâdi: azafady ry lehibe, hazavao ny amin'izany.

Ny lehibe: ry Hâdi, moa hitanao ny renirano? Manana singa roa izy:

Voalohany: ny rano

Faharoa: ny fotaka.

Ny rano dia zavatra, ny fotaka koa zavatra, manambatra azy ireo ny tranga ety ivelany, fa raha tsy izany, ny rano manokana dia madio, ary ny fotaka dia tany, manodidina ny sisin-drano. Ka rehefa mikoriana ny rano dia mifaoka ny tany, noho ny heriny, ary dia mifangaro amin'ny fotaka ny rano.

Ohatra hafa

Ny saosy manana singa roa, vita amin'ny:

Voalohany: ny vinaigitra

Faharoa: ny siramamy

Manambatra azy ireo ny olona, amin'ny fomba manokana, dia lasa zavatra iray. Dia torak'izany ry Hâdi ny zavatra rehetra, manana singa roa, tsy maintsy misy mampitambatra ireo singa roa ireo.

Fouad: fantatrao ve izany ry Hâdi?

Hâdi: eny, fantatro izany, saingy ny resakao dia tsy mifandraika tamin'ny resaka izay noresahintsika mikasika an'i Allah , tsy mizarazara lzy.

Fouad: mifamatotra

Hâdi: ahoana izany?

Fouad: niteny aho fa Allah dia tsy mizarazara. Ary ankehitriny aho miteny fa tokana lzy, satria lzy raha mizarazara dia mitady izay hampitambatra izany fizarany izany.

Ary efa fantatrao tamin'ny fizarana voalohany, fa Allah dia talohan'ny zava-drehetra.

Tsy misy zavatra talohany, ka hampitambatra ny fizarany.

Noho izany, tsy mizarazara Allah, fa Tokana Izy.

Hâdi: misaotra anao, saingy misy fanontaniana tavela aho? Naheno aho fa Allah dia tsy fitambaran-javatra. Izany ve no hevitr'izany?

Fouad: eny, ny hevitra ny hoe "Allah dia tsy fitambaran-javatra" dia tsy mizara roa izy, na maro.

...tsy vitako ry zanako vavy, lavitra loatra Damas, nefa izaho eto Iraq, eto Baghdad.

Haifa : atsotray ny tananao ry raiko, ho any Damas. Ento aty amiko ny boky sary miloko, izay novakiako tamin'ny voalohan'ny volana lasa teo, tamintsika tany Châm tao anatin'ny andro mafana. Vitanao kosa izany.

Sadiq Hamdoun: tsy vitako izany ry zanakovavy. Ireto tanako fohy ireto tsy tonga any Châm.

Haifa: ahoana no ahafahanao mandray zavatra avy etsy amin'ny talantalana, nefa tsy vitanao ny maka ny boky sary avy any Damas, fa nahoana?

Sadiq Hamdoun: ry zanakovavy, havao tsara ireo zavatra roa ireo, ny talantalana akaiky amiko, Damas lavitra ahy, ary izaho vatana. Ny vatana dia miavaka raha mihoatra aminy ny akaiky sy ny lavitra.

Haifa: ka ahoana no hilazanao ry neny hoe: Allah dia tsy miavaka raha mihoatra Aminy, ny akaiky sy ny lavitra?

Sadiq Hamdoun: misy fiavahana tanteraka eo amintsika sy eo amin'i Allah.

Haifa: inona no mampiavaka?

Sadiq Hamdoun: isika dia vatana, ary Allah dia tsy vatana lzy.

Haifa: vatana, tsy vatana, tsy fantatro ny hevitr'izany! Hazavao amiko.

Sadiq Hamdoun : Eny (ry zanakovavy Haifa) :

Ny vatana, ohatra ny olombelona, ny soavaly, ny hazo, ny metaly, ny rano..izany zavatra izany dia amina toerana, ohatra:

Ny olombelona, ao an-trano, ny soavaly any ampahatra, ny hazo eny an-jaridaina, ny rano eny amin'ny renirano.

Ary ireo zavatra ireo dia mazava loatra fa akaiky ny zavatra iray hafa, ary lavitra ny zavatra ihany koa, ohatra:

Ny olona izay ao an-trano dia akaiky ny boky izay eo amin'ny talantalana, ary lavitra ny boky izay any anaty tranom-boky any an-dalam-be. Dia toy izany, ny hazo any an-jaridaina dia akaiky ny hazo izay mielanelana aminy iray metatra, ary lavitra amin'ny hazo izay any amin'ny zaridaina hafa.

Ka noho izany, ny vatana, dia manakaiky zavatra, ary manalavitra zavatra ihany koa, nefa Allah tsy tahaka izany:

Tsy manana toerana Izy: ny hevitr'izany: tsy any andanitra ary tsy ety an-tany, tsy any an-trano..

Noho izany, ny zavatra rehetra mihoatra Aminy dia akaiky.

Haifa: fintino amiko amin'ny teny roa ny zavatra takiana ry raiko.

Sadiq Hamdoun: eny:

Voalohany: Allah dia tsy vatana, ary tsy manana toerana Izy. Tsy lavitra ny zavatra Izy, fa ny zavadrehetra dia akaiky raha mihoatra Aminy.

2- Ny vatana dia manana toerana, ka lavitra ny zavatra izy, na akaiky ny zavatra ihany koa.

Adala izy, azo antoka tokoa izany!

Mounir: tsy mahita azy adalo aho.

As'ad: tsia, tsia, adala izy.

Mounir: avy aiza no nahafantaranao fa adala izy? Misaina izy.

As'ad: ny olona no miteny fa adala izy, manontania ianao.

Mounir: inona no lanjan'ny tenin'ny olona. Ny tenako mihitsy no hitsapa azy.

As'ad: ahoana no hitsapanao azy?

Mounir: jereo, moa ve manan-tsaina izy, sa tsia?

As'ad: aiza no itoeran'ny sainy, ka hijeriko izany ihany koa?

Mounir: ry namako As'ad, mizara roa ny zavatra:

Ny voalohany: dia izay vitan'ny olona ny mitazana azy.

Ny faharoa: dia izay tsy vitan'ny olona ny mitazana azy.

As'ad: omeo ohatra amin'izany aho azafady!

Mounir: eny:

Voalohany: ny olombelona dia azo atao ny mitazana azy, ny hazo dia azo atao ny mitazana azy, ny ranomasina dia azon'ny olona atao ny mitazana azy, dia toy izany koa ny biby, ny zaridaina, ny fiarakodia, ny fiaramanidina.

Faharoa: ny saina dia tsy azo tazanina izy, ny fanahy dia tsy hita izy, ny herin'aratra dia tsy tazana izy; ny fanaintainana dia tsy tazana, Allah dia tsy tazana Izy.

As'ad: raha toa ny zavatra ka tsy azo tazanina, dia ahoana no hahafantarantsika ny fisiany?

Mounir: fantatsika ny fisiany amin'ny alalan'ny dindony.

As'ad: omeo ohatra amin'izany aho ry Mounir?

Mounir: eny:

Voalohany: ny saina dia fantatra amin'ny dindony: ny fihetsehana, ny teny, ny fihinanana sy ny fisotroana, ary ny ankoatra izany..

Ka raha toa ny fihetsiky ny olona ara-dalàna, ny teniny voalanzalanja, ny fihinanany sy ny fisotroany mifanaraka amin'ny mahazatra, dia fantatsika fa manan-tsaina izy, fa raha mifanohitra amin'izany kosa dia fantatsika fa adala izy.

Faharoa: ny fanahy, dia fantatra amin'ny dindony ihany koa: ny fihainoana, ny fahitana, ny fahatsapana, ary ny hafa ankoatra izany..

Ka raha toa maheno sy mahita ary mahatsapa dia fantatsika fa misy fanahy ao anatiny,, fa raha mifanohitra amin'izany kosa dia fantatsika fa tsy misy fanahy ao anatiny.

Fahatelo: ny herin'aratra: fantatsika amin'ny dindony:

Ary fanampin'izany dia mampihetsika ny fitaovana manome rivotra izy (ventilateur), manome izay manan'aina izy ary manosika azy. Sy ny ankoatra izany.

Raha mirehitra ny takamoana, mihetsika ny ventilateur, ary misy hery misintona sy manosika ny tari-by, dia fantatsika fa misy herin'aratra amin'izany. Fa raha mifanohitra amin'izany kosa dia fantatsika fa tsy misy ny herin'aratra.

4- Allah dia tsy tazana Izy, saingy fantatra kosa amin'ny alalan'ny vokatry ny asany:

Ny fahariana, ny fampisiana, ny famelomana, ny famonoana, ary ny ankoatra izany...

As'ad: avy aiza no hilazanao fa Allah dia tsy tazana lzy?

Mounir: satria ny zavatra hitamaso rehetra, dia misy toerany, ohatra:

Ny olombelona, hitamaso satria amina toerana izy, ny biby dia hitamaso satria amina toerana izy, ary ny ankoatra izany.

Fa Allah kosa dia tsy amina toerana lzy, ka tsy hita lzy noho izany.

Noho izany dia mazava ny trangan-javatra telo

Ny voalohany: Allah dia tsy mizarazara lzy: izany hoe tsy natambatra. Fa tsotra sy tokana lzy.

Ny faharoa: Allah dia tsy vatana.

Fahatelo: Allah dia tsy hita maso: izany hoe tsy tazana lzy.

...niantoraka teo ambony fandriany izy.

Ary dia niaina lalina tanteraka tokoa.

Farid: hitako fa niova ny fihetsikao. Nahoana?

Sa'adoun: nanondro ny orony tamin'ny tanany izy,
Ouch!

Farid: ry Youssouf, mahagaga ny fihetsik'i Sa'adoun!

Jereo izy, jereo ny fihetsiny.

Sa'adoun: nisy tranga nahagaga niseho tamiko androany! Nivoaka avy ao an-jaridaina aho, talohan'ny fiposahan'ny masoandro, ho any an-trano, dia nahita zavatra hafahafa avy eny lavitra aho, olombelona ve sa biby?

Olombelona, olombelona, dia nanomboka nandeha ho any an-tànana aho, ary izy kosa nizotra nanitsy. Dia indro fa biby lehibe no hitako tampoka, lehibe! Dia nitazana azy aho tamim-pitandremana fatratra, tsy inona akory fa tigma, tsy nieritreritra aho fa hisy tigma amin'ity toerana ity, na nieritreritra aho na tsy nieritreritra dia tigma tokoa no hitako, ary tsy misy hialana sy hitsoahana.

Teo am-pandinihana aho, ary izy koa torak'izany, mifanalavitra tanteraka ny eritreritra sy ny eritreriny.

Tsisy afa-tsy ny fitsambikinany aty amiko sisa tavela...mila hivoaka hanidina ny foko vokatry ny fahatairana, ary nanomboka nidobodoka mafy ny foko: Tak, tak, tak...

Dia nanaiky ny ho faty aho, dia indro fa nisy feo nandalo tamin'ny sofiko: Taâ: feom-basy.

Tsy nahatsapa n'inona n'inona aho afa-tsy ny tigma izay nihosin-drà, sy ny fofony ratsy, misaotra an'i Allah.

Avy lavitra dia nahatazana mpihaza aho, tahaka ny hoe nahita ahy izy, ary nahita ilay tigma izay nitsambikina tamiko, ary dia nanapoaka ny basiny sarobidy izy, ny vidiny dia ny fahaveloman'ny olona.

Izany no faharerahana hitanao avy amin'izany

Farid: zono, ary mihoatra noho izany, eny mihoatra, saingy amin'ny maha olona filozofa anao.

..Sa'adoun: aoka ho tsara hatrany ny eritreritrao Farid.

Farid: tsia, miteny ny amin'ny finoana aho, fa tsy mandoka akory: amin'ny maha filozofa anao, dia tehanontany anao fanontaniana aho?

Sa'adoun: alefaso ny fanontaniana

Farid: inona ny faharerahana izay miseho amin'ny olona amin'ireo tranga manokana?

Sa'adoun: ny faharerahana, dia toy ireo trangan-javatra rehetra mitranga amin'ny olombelona: ny torimaso, ny fifohazana, ny fahazotoana, ny fahakamoana, ny fifaliana, ny alahelo, ny fankasitrahana, ny fahatezerana, ary ny ankoatra izany..

Izany rehetra izany, dia zavatra napetraka, nataon'i Allah ao amin'ny olombelona, miseho aminy anatin'ny tranga samihafa manokana.

Saingy Allah dia lavitra izany trangan-javatra izany.

Farid: moa Allah tsy toy ny iray amintsika, ka hiseho Aminy ireo trangan-javatra ireo?

Sa'adoun: tsia, tsy miseho amin'i Allah ireo tranga ireo, tsy misy torimaso Allah, na hakamoana, tsy misy fahazotoana, na hafaliana, tsy misy alahelo, sy ny hafa..

Farid: fa nahoana Izy no tsy hisehoan'izany?

Sa'adoun: satria ireo tranga ireo dia miseho amin'ny vatana, nefa Allah tsy vatana Izy.

Farid: misaotra anao aho.

...ka noho izany, ny fotoana dia rahampitso maraina, amin'ny valo ora.

Ny filoha: mialatsiny aminareo aho fa diso aoriana kely tamin'ny fotoana!

Ny minisitry ny fitantanan-draharaha: nihevitra izahay fa tsy naniry ny ho tonga ianao.

Ny minisitry ny ati-tany: tsy mbola very fotoana isika, aoka hiresaka izay rehetra manana hevitra.

Ny minisitry ny fampianarana: mahita aho fa tokony hamoaka ny heviny ny tsirairay, ka raisintsika izay hevitra maro mpamoaka.

Ny minisitry ny fambolena: raha ny hevitra dia tokony hamosaka ny heviny ny filoha, avy eo ny tsirairay amintsika samy mamoka ny heviny.

Ny filoha: mametraka fotoana hitenenan'ny tsirairay avy aminareo.

Ny minisitry ny fitantanana-draharaha: mahita aho, fa tsy maintsy mila filoha maromaro ity firenena ity, satria tsy ampy ny filoha iray.

Ny firenena lehibe, ary ny filoha tokana osa amin'ny fanatanterahana.

Ny minisitry ny fampianarana: eny, izaho dia miombon-kevitra aminao tokoa, tsy maintsy atao ny fizarana ny repoblika ho atsimo izay misy mponina 20 tapitrisa, ho an'ny filoha amin'izao fotoana izao. Ary ny tendrony avaratra vaovao dia hofidiansika ny filoha amin'izay mahazo vato maro.

Ny minisitry ny ati-tany: iza no filohan'ny repoblika izay ho tendrena?

Ny minisitry ny fambolena: azafady, ny hevitra dia tsy mila olona vaovao isika. Ny filohan'ny repoblika dia osa, eny, saingy raha hampiansika izy amin'ny fitantanana ny fitondram-panjakana dia tsy mila olom-baovao intsony isika.

Ny minisitry ny fambolena: aoka ny filoha hitondra ny heviny.

Ny filoha: ny hevitra, tsy mahasoana ny filoha roa amin'ny fitondram-panjakana, tsy mahasoana antsika izany, fa manimba aza, tahaka ny tsy mampety ny fisian'ny andriamanitra roa eto amin'izao tontolo izao.

Ny minisitry ny fitantanana-draharaha: fa nahoana?

Ny filoha: ny iray amin'izy ireo mahita hevitra iray, ny iray hafa koa mahita hevitra mifanohitra amin'ny an'ny

voalohany, dia hitranga noho izany ny fifandirana, sy ny fifanolanana, ary dia hitombo ny toe-draharaha ka hiafara amin'ny ady, ary hiharatsy noho izany ny raharaham-pirenena, hazavaiko ny amin'izany: ohatra:

Ny iray mahita fa mahasoana ny fifanekem-piarahamiasa amin'ny firenena eo ankilany, ny iray hafa kosa mahita mahasoana ny tsy fiaraha-miasa aminy. Ka raha tsy manatanteraka ny heviny ny iray amin'izy ireo ho fanajana ny heviny ny iray hafa, dia malemy mpanaraka fotsiny ilay iray. Ary raha indray manatanteraka ny heviny izy roa, dia hiafara amin'ny ady ny raharaha ary ho rendrika ny vahoaka; sy ny fahapotehan'ny fitondrampanjakana.

Tahaka izany no filazana mikasika ny fisian'ny andriamanitra maro, eto amin'izao tontolo izao, ohatra:

Ny iray mila orana, androany, ny iray hafa mila ny tsy fisian'ny orana. Ka raha manda ny heviny ny iray amin'izy ireo ho fanajana ny heviny ny andriamanitra iray hafa, dia marefo sy mpanaraka fotsiny izy, nefa ny Andriamanitra tsy malemy, ary raha mikiry amin'ny heviny ny tsirairay dia ho tonga any amin'ny fifandirana ny toe-javatra.

Miteny ny iray tamin'ireo filozofa “Az-zarafâ”: ary dia harotsaka eo an-dohan'ny mpanaraka ny andriamanitra hafa ny ranomasina mena, ary ny iray mamalifaty ny iray hafa, ary dia mamotika ny vahoakany, sy ny mpanompony “ary dia ho ao anatin'ny tebiteby sy fahapotehina izao tontolo izao”

Koa hitantsika: fa izao tontolo izao dia tsy simba akory, ary fantatsika tokoa sy azo antoka tanteraka fa tsy misy andriamanitra roa ao aminy.

Noho izany, Allah, dia tokana: tsy manana mpikambana lzy.

Ireo minisitra: ny rehetra dia nanolotra hevitra ny amin'ny filoha tokana, ary dia niala tamin'ny heviny voalohany izy ireo, dia nitsangana tamin'ny fivoriana velom-pisaorana ny filoha.

Ary dia voavaha ho azy ireo ny fanontaniana ara-pilozofia, fa “Allah dia tsy manana mpikambana”.

Fahmi Kâzim: ry zanako, Salama efa nianaranao ny fizarana faharoa tamin'ny “ahoana no hahafantaranao an'i Allah?”

Salama: eny, ry raiko malala.

Fahmi Kâzim: ry zanako, vitanao ve ny mamintina izany amiko?

Salama: eny, miverina amin'ny trangan-javatra dimy izany:

Ny voalohany: Allah dia tsy mizarazara: tsy mitambatra.

Ny faharoa: Allah dia tsy vatana.

Ny fahatelo: Allah dia tsy tazana.

Ny fahefatra: Allah dia tsy iharan'ny fisehoan-javatra toy ny: fahasalamana, sy aretina, ny torimaso sy ny fifohazana, ny hafaliana sy alahelo. Ary ankoatra izany...

Ny fahadimy: Allah dia tsy manana mpikambana, fa ny Andriamanitra ny tontolo rehetra dia "Tokana".

Assaeyd, Assafih: androany isika dia misy fahatsiarovam-pahaterahana.

Al Abdou, Al Fitan: fahasoavana izany, raha sitrak'i Allah Ilay Avo indrindra.

Assayed: mila aho ny hiantsoanao olona folo, avy amin'ireo namako amin'ny atoandro mba ho any amin'ny fisakafo.

Al Abdou: eny, ry lehibeko, ambarao amiko ireo olona ireo. Izao aho dia hiantso azy ireo, izao.

Assayed: inty ny lisitra misy ny anaran'izy ireo, soraty:

- 1- Ahmad wala
- 2- Ibn Bâqir:
- 3- Alim Al Mahalla
- 4- Abou Sahâma
- 5- Ny namako izay niaraka tamiko omaly
- 6- Ny rahalahin'i Abdoune
- 7- Ny vadin'i Salima.

8- Ny namako izay niarahako nandeha tamin'ny taona lasa tany Amerika

9- Dadatoan'i Said Al Hassan

10- Dadatoan'i Daoud

Al Abdou: Ka. Ka. Ka...

Assayed: tezitra izy, nahoana no mihomehy ianao ry dondrona ity...?

Al Abdou: ry lehibeko, tsy dondrona aho akory!

Assayed: raha tsy dondrona ianao, dia tsy nihomehy, tsy amin'ny toerany.

Al Abdou: ry lehibeko, nihomehy aho, satria ianao niteny hoe: antsoinao ny olona folo, avy eo ireo anarany folo ireo dia olona iray ihany:

Ahmad Wala, izy dia zanak'i Bâqir, Alim Al Mahala..hatramin'ny faran'ireo anarana.

Assaeyd: ry bado, isaky ny anarana dia manondro olona iray, hanontanio ireo manan-tsaina.

Al Abdou: tsy ry lehibeko, tsia, ny anarana dia mizara roa:

Ny voalohany: ny anarana rehetra dia manondro olona. Ohatra: Sa'ad, olona iray, Sa'adoune olona iray hafa, Mahmoud olona fahatelo. Dia ny ankoatra izany...

Ny faharoa: ny anarana maromaro dia manondro olona iray, saingy amin'ny heviny samihafa. Ohatra:

Ahmad Wala, anaran'olona iray, fa amin'ny maha Bâqir ny anaran'ny rainy, antsoina hoe: "Ibn Bâqir", ary amin'ny maha mpamaky fahalalana azy dia antsoina hoe: "Alim Al Mahalla"...ary ny ankoatra izany.

Al Abdou: ankehitriny dia hanome ohatra anao aho:

Ireo manam-pahaizana dia miteny hoe: Allah dia zavatra iray, saingy amin'ny heviny samihafa; ka antsoina amin'ireo anarana:

Ilay Mpahalala: amin'ny fahalalany ny zava-drehetra.

Ilay Mpahefa: amin'ny fananan'ny fahefana amin'ny zava-drehetra.

Ilay Mpahary: amin'ny faharian'ny zava-drehetra.

...ary ny ankoatra izany...

Ka ny fahalalany dia tsy zavatra iray, ary lzy tenany dia tsy zavatra hafa ihany koa.

Ary ny fahefany dia tsy zavatra iray, ary lzy tenany dia tsy zavatra hafa ihany koa.

Ny fahariany dia tsy zavatra iray, ary lzy tenany dia tsy zavatra hafa ihany koa.

.. fa lzy dia lzy tenany, ny fahalalana ary ny fahefana, ary ny hafa ankoatra izany

Assayed: mahagaga, izany no hevitra ny tenin'ireo manam-pahaizana: Allah dia tsy manana dikany, ilain'izy ireo araka izay voalazanao. Ny henoko matetika dia ny

hoe: “tsy manana dikany Allah” nefa tsy azoko ny hevitr’izany.

Marina ny anao ry mpanampiko, marina ny anao ry mpanampiko

Nifanakalo hevitra izy ireo, ary nihevitra izy ireo fa mahantra izy.

Nouri: inona no hevitrao ry Tâlib ?

Tâlib : izy dia lehilahy mahantra, ny hevitrao dia ny hanangonantsika ho azy ampaham-bola

Sâdiq : ahoana no hanangonanareo izany?

Talib : ny tsirairay amintsika dia hanome 50 dinary avy, isika folo, ka ho 500 dinary izany. Mino aho fa ampy azy izany, ho amin’ity taona ity.

Hassan: tsia, tsy hanao izany isika. Angamba izy tsy hankasitraka izany.

Sahâd: ny tena tsara, dia ny hanontaniantsika ny amin’ny momba azy. Fantantsika aloha voalohany indrindra fa mahantra izy, araka ny voalazanareo. Aorian’izany, jerentsika ny hevitsika sy ny heviny amin’ny fanampiana rehetra azo atao.

Ny sisa rehetra: eny, ny hevitrao dia ny hevitra Sahâd miombon-kevitra isika.

Sahâd: iza no mahafantatra ny momba azy?

Adil: Abou Rachid, andao isika ho any aminy.

Hassan: ny fiadanan'ny Tompo anie ho aminao! Abou Rachid; manao ahoana ny fahasalamana?

Abou Rachid: ho aminao koa anie ny fiadanan'ny Tompo, dera ho an'i Allah, salama tsara aho.

Hassan: ny fanajana anie ho aminao, mahalala ny momba an-dranona ve ianao?

Abou Rachid: eny, olona manana ny ampy sy manankarena izy.

Hassan: mahagaga izany, avy aiza? Tsy mahita azy manankarena izahay!

Abou Rachid: izy mihitsy anie no loharanon'ny harena e! manana fananana izy! Manana varotra sy trano, ary lapa izy...

Raha fehezina amin'ny teny tokana dia ananany izay harena avy amin'i Allah, Allah Ilay ambonin'ny harena rehetra.

Nouri: lasa roa ny olana, inona no hevitra ny hoe: "harenan'i Allah"? ary ahoana no mampanankarena an'i Allah, azafady indrindra, hazavao amiko?

Abou Rachid: fantaro ry rahalahiko: Nouri, Allah dia manankarena indrindra amin'ny mpanankarena: ka tsy mila n'inon'inona izy mazava loatra. Manao ny zavadrehetra Izy araka ny faniriany; raha miteny zavatra iray Izy hoe: "misia " dia misy avy hatrany izany. Tsy mila zavatra Izy, avy amin'ireo zavatra hafa. Ary tsy mila olona avy amin'ireo olona hafa. Satria ny filàna dia fahabangana, ary Allah dia lavitry ny fahabangana.

Allah dia manana ny harena miafin'ny lanitra sy ny tany:

1- Ny masoandro, dia anisan'ny harena miafin'i Allah, izany dia manabe ireo zava-maniry, sy ny olombelona, ary ny biby, sy ny metaly.

2- Ny tany dia torak'izany, fa izy dia manabe ny zava-maniry, mitsimoka eo amin'ny tany izy, ny olombelona sy ny biby, miaina eo amin'ny tany izy ireo...

3- Ny rivotra dia torak'izany ihany koa, satria raha tsy misy izy dia ho simba avokoa ny zava-drehetra ary ho sempotra ny olombelona, sy ny biby, ary ny hafa ankoatra izany...

Fa miteny aho: ireo izay henoin'ny olona: ny manankarena, saingy tsy manankarena, fa ny olona manankarena, dia tsy manana ny fahasalaman'ny tenany, sy fahasalaman'ny ankohonany, ary tsy manana ny fahaveloman'ny tenany izy, sy ny fahaveloman'ny ankohonany. Ary tsy mahavita miaro ny faharatsiana amin'ny tenany, na amin'ny ankohonany, fa ny aminy manontolo dia araka izay sitrapon'Andriamanitra.

Eny, manana zavatra iray izy, dia ny volabe dirham sy dinary.

Ary ireo ihany.

Ary amin'ny alalan'izany fomba fiheverana izany dia antsoina ho manankarena ny olona iray.

Nizâr : ry anabaviko, Bâssima, namaky ilay boky hoe :
« ahoana no ahafantaranao an'i Allah » ve ianao ?

Bassima : eny, namaky azy aho, hatramin'ny voalohany ka hatramin'ny farany, saingy mila manontany anao aho ?

Nizâr : manontania ry Bassima !

Bâssima : hitako fa ny mpanoratra io boky io dia mitondra fomba vaovao, izay tsy nananany teo aloha, raha mihoatra amin'ireo bokim-pinoana : amin'ny endrika tantara kely.

Nizâr : eny, izany endrika izany dia akaiky kokoa ny fahamoran'ny fahazoan'ny tanora azy, satria ny tantara kely sy fanoharana, dia misy fiantraikany eo amin'ny fihetseham-po, ary misintona ny saina ka ipetrahan'ny fahendrena, sy ny fahalalana, ary toerana misy ny fifantohana, tahaka ny ipetrahan'ny masomboly eo amin'ny tany lonaka, ka hitsimohany sy hisian'ny voa matsiro, ary izany fomba izany dia somary noraisin'ny manam-pahaizana mikasika ny haiteny, ao amin'ny bokiny « ar rihlat » (ny dia). Ka dia mahazo tsirony ny mpamaky azy.

Nizâr : moa ve vitanao ry Bâssima ny mampatsiahy amiko ny famintinana ny fizarana faharoa ?

Bâssima : eny, izany fizarana izany dia miverina amin'ny zavatra fito :

1- Allah dia tsy manana fizarazarana, tsy fitambarana zavatra roa lzy, na maro.

2- Allah dia tsy vatana, ary tsy manana toerana lzy.

3- Allah dia tsy tazan'ny maso

4- Allah dia tsy mihatra Aminy izay mihatra amin'ny olombelona sy ny biby : ny fahasalamana sy ny aretina, ny torimaso sy ny fifohazana, ary ny ankoatra izany.

5- Allah dia tsy misy mpikambana Aminy.

6- Allah, ireo toetrany dia ny tenany ihany : ny tenany dia fahalalana, sy fahefana ;... ary ny fahalalana sy ny fahefana...izany rehetra izany dia ny tenany mihitsy.

7- Allah dia manankarena : tsy mila n'iza n'iza lzy, tsy mila zavatra lzy.

Ahoana no hahafantaranao ny fahamarinan'i Allah ?

« Lazao hoe: "Izy no Andriamanitra tokana. Andriamanitra llay hany ianteheran'ny rehetra, sady tsy niteraka lzy no tsy nateraka, ary tsy misy na iray aza mitovy Aminy»

« ...inona no hevity ny mpandresy izay noraisina »

Izao dia izao, miaraka aminao ankehitriny, kely sisa

Adil : aza ela ianao ry rahalahiko, ry Fâiz !

Fâiz : izao dia izao, izao dia izao...miakanjo aho !

Dia nanomboka nandeha izy ireo nizotra tany amin'ny toeram-pitsangatsanganana nifoka rivotra madio. Hatsaran'izay rivotra izany !

Adil : hitako avy lavitra, toy ny zaridaina. Ary ianao ry Fâiz ?

Fâiz : eny, hitako ihany koa

Adil : mahagaga ! Tsy nihevitra mihitsy aho fa misy zaridaina aty, tsy nivoaka tety amin'ity toerana ity aho nandritra ny telo taona.

Fâiz : handeha foana isika mandra-panakaikintsika izany...

Dia indro fa zaridaina mahafinaritra, hiditra ao ve ianao ry Adil ?

Adil : eny, tonga eto isika mba hitsangatsangana, izany no tanjontsika.

Dia niditra ny zaridaina izy ireo. ka indro fa toy ny paradisa, vitsy ny mpitazana mitovy amin'izany. Renirano mikoriana, voron-kely eny amin'ny rantsankazo maitso mavana. Hazo fihinambova vokatra, miaraka amin'ny loko isan-karazany. Voninkazo mahafatifaty manitra tokoa.

Fâiz : hatsaran'izay zaridaina izany ! Ary hakanton'izay endriny izany ! Ary hazavan'izay tontolony ! Renirano mitomandavana amin'ny lafiny rehetra, ny sisiny feno marbra fotsy mahafinaritra. Ireo hazo sy renirano amin'ny sisiny roa. Tsy mba zaridaina, fa paradisa ambony, akaiky ny vokatra.

Andao isika ry rahalahy Adil, hankafy ny fiainana, ary hijery ny hakanton'ny tontolo, androany, ka hankafizin'ny rantsam-batana rehetra :

Ny maso : amin'ny alalan'ny fijerena ny hakanton'ny tontolo voajanahary, ary ny hatsaran'ny lohantaona manjaka tanteraka.

Ny sofina : amin'ny alalan'ny feom-boronkely, sy ny siokan'ny jorery,

Ny orona : amin'ny alalan'ny fanamboloana ny rivotra feno hanitra..

Ny lela : amin'ny alalan'ny fahatsiarovana Ilay Mpahary, sy ny fangorahan'Ilay mpanasoa malalantanana, ka velom-pisaorana Azy ny amin'ny fahasoavany sy ny fahatsarany ary ny fanomezany sesehena.

Ny fikasihana : amim-pahalefahana sy malemy.

Adil : tahaka ny mahita lapa aho any amin'ny faran'ny zaridaina, ary ianao ve mahita izany ?

Fâiz : eny, hitako mihitsy io. An'iza io ?

Adil : tsy fantatro.

Fâiz : andao isika handeha eny

Dia nanomboka nandeha izy ireo hatreo ambaravarana, varavarana kanto sy voaravaka amin'ny alalan'ny sikotra farany tsara.

Fâiz : hiditra ny lapa ve isika ?

Adil : eny, tsy hitako izay olana amin'izany, satria raha voarara ny fidirana ao dia nakatona ny varavarana tsy hisy mpitsidika.

Dia niditra izy ireo, dia indro ny lapa, hatsaran'izay lapa izany ? efitrano miorina tsara, misy efitra mifanongoa, amin'ny alalan'ny rafitra voakaly, sy amin'ny fomba vaovao, sy fototra mafy tanteraka, ary amin'ny endriny manintona.

Ao anatin'ny efitrano, dia misy lamaka tsara sy sarobidy, voatenona loko samihafa misy sary mahavariana, ary fanaka hafa raitra sy vaovao tanteraka.

Ny herin'aratra, ny ventilateur, ny laklosy fanairana, ny fitaovana mampangatsiaka (climatiseur) , ny fitaovana fanasan-damba, ..ny toerana famakiam-boky sy fandalinana : ireo boky mahaso, sy voatonta amin'ny karazany, ary ny hafa ankoatra izany...

Adil : mahita aho fa ny mpanorina ity zaridaina ity sy ity lapa ity, ary izao fanaka rehetra izao dia anisan'ny olona goavana manam-pahaizana feno fahalalana tokoa, ary manana traikefa ambony amin'ny tao-trano, sy fahendrena ary fahamarinana, manana fankafizana, sy fandinihana, ary fahefana !!

Moa tsy hitanao ve ahoana ny fametrahany ireo zavatra rehetra amin'ny fitoerany, ary ny fanorenany ny lapa, sy ny fandaminany ny zaridaina ; ... ?

Fâiz : tsia, tsia, tena marina diso ianao, ry Adil ; inona no porofo amin'ny fahaizan'ny mpanorina ? Inona no porofo amin'ny fahefany ? Ary iza no nanamarina

taminao ny fandinihany sy ny fahefany ? Moa ve hitanao izany injeniera izany ? Moa ve... ?

Fâiz : tsia, tsia, tsy manaiky izay tsy hitako aho, tsy nahita injeniera mpanorina aho. Ka tsy manaiky ny fisiany aho, ary tsy manaiky ny toetrany izay notanisainao teo .

Ny fikarohana ny antony ankehitriny.

Fâiz : avia ianao, ry Adil, haingana, haingana, hitako ny antony.

Adil : nihazakazaka sady talanjona, inona ny antony ?

Fâiz : raiso ity solomaso ity, ary jereo ny fototr'iry tendrombohitra mijoro akaiky iry ; 6 km miala amin'ny zaridaina.

Adil : jereo , inona izany ?

Fâiz : hitanao ireo vato ireo, ary iry loharano iry, sy ireo bozaka sasany ?

Adil : eny, hitako, avy eo inona koa ?

Fâiz : ireo no antony, ho an'ity zaridaina ity, sy ity lapa ity.

Adil : ahoana izany ?

Fâiz : nitsoaka mafy ny rivotra ka namindra ireo vato ireo, tao anatin'ny taona maro nifandimby, ka tonga amin'izao toerany izao, avy eo lasa ny taona maro, ka noho ny herin'ny masoandro sy ny rivotra ary ny sisa rehetra amin'ireo tranga ara-boajanahary, nilamina ireo

vato ho tonga amin'izao endriky ny lapa izao, ary nirindra ny zaridaina, aza gaga ianao, fa izany no antony ao amin'ity lapa ity.

Avy eo dia nandalo ny fotoana lava, ary nitsoka ny rivotra ka tonga nitondra ireo bozaka avy lavitra, ho amin'ity zaridaina ity. Dia nihalehibe ka lasa hazo maro, araka ny hitanao ; taorian'izany dia nitsoka ny tafio-drivotra mafy, ka nanongotra ampahany tamin'ny hazo lehibe, ary nanao azy ho amin'ny endrika varavarana, sy nametraka azy ho eo amin'ny toeran'ny varavaran'ny lapa, sy ny hevitra, dia toy izany no nametrahana ny zava-drehetra, ny ventilateur ; ny fizotran'ny rivotra tamin'ireo metaly. Ireo boky sy ny landihazo maniry, ny sisa tavela : ny lamaka volonondry.

Niteny Fâiz : eny, nandalo ny andian'ondry, dia tonga ny rivo-mahery, nitondra ny volony sasany ka nanenona izany, nandeha ny fotoana dia lasa lamaka, aza gaga ianao : tsy lavitra ny ara-boajanahary izany, amin'ny alalan'ny fandehan'ny fotoana.

Adil : nihomehy izy, nieritreritra ny tao an-tsain'i Fâiz. Dia nitazana azy gaga nandritra ny fotoana lava !

Mahagaga ianao ry Fâiz ! Marina ve voalazanao ? avy amin'ny foto-pinoanao tanteraka ? Raha toa ka avy amin'ny foto-pinoanao tanteraka dia tsy misy ilaina ny firesahana aminao.

Fâiz : azafady ry Adil, nandinika fotsiny aho izao, aza manambara ny resako amin'iza na iza, miangavy anao aho, eny miangavy anao aho. Niara-nipetraka tamin'ny

andian'olona aho, avy amin'ireo mpifikitra ny ara-materialy, miteny tahaka izany teny izany izy ireo eto amin'izao tontolo izao, dia nanao ny fanazavako aho, mifanaraka amin'ny tenin'izy ireo eto amin'ity tontolo ity, saingy ankehitriny, niverin-dalana aho, miaraka aminao ny fahamarinana.

Miharihary fa ny finoako ny amin'ity tontolo ity dia diso.

Ankehitriny, miaiky aho fa ny tontolo dia manana mpamboatra, mahefa sy mahay.

Saingy misy teny mbola tavela aho ?

Adil : anontanio

Fâiz : hanontany anao aho amin'ny andro manaraka fa efa maizina ny andro, sady reraka tamin'ny diantsika anio isika !

Adil : izay ny hevitrao, ny fitahian'i Allah anie ho aminao !

Fâiz : ho aminao koa anie ny fitahian'i Allah !

Fâiz : avelanao hiteny ve aho : ny teniko ?

Adil : alefaso ny resakao !

Fâiz : te-hiresaka ny amin'ny fahamarinana aho.

Adil : noho izany, mahita aho ny handenantsika any amin'ny mpampianatra Mâjid, satria izy manampahalalana kokoa noho izaho.

Fâiz : andao isika !

Adil : ry mpampianatra Mâjid, ny fiadanan'ny Tompo anie ho aminao !

Mâjid : ho aminareo koa anie ny fiadanan'ny Tompo, ho tsara anie ?

Adil : ry namako Fâiz mila manontany anao ny amin'ny fahamarinana, ekenao ho azy ve izany ?

Mâjid : azoko ny ilainy, satria izy teo aloha efa nanontany ireo sasany tamin'ireo namako .

Fâiz : ahoana no hahafantarantsika fa marina Allah ?

Mâjid : moa ve hanome ohatra anao aho ?

Nisy mpivarotra iray antsoina hoe : « As'ad », nanana zanaka roa izy, Sâmi sy Qais, dia samy nampanambadiany avy izy roa ireo, ary samy nividianany trano, sy fanaka an-trano.

Sâmi dia nihevitra fa tsy marina ny rainy, nanoloana azy sy Qais. Niteny tamin'ny rainy izy, indray andro, ny amin'izany tranga izany. Dia niteny taminy ny rainy : tsia ry zanako, miteniteny foana ianao, lazao amiko : fa nahoana aho no miangatra ? satria tsy misy porofo ny amin'izany aho, ny amin'ny tsy fisian'ny fahamarinana ?

Sâmi : moa ve misy antony ny tsy fisian'ny fahamarinana ?

Ny mpivarotra : ny anton'ny tsy fisian'ny fahamarinana dia iray amin'ireto tranga ireto :

1- Ny faharatsiana : maro ireo olona ratsy hitantsika, manao tsy rariny amin'ny olona, tsy amin'antony, tsy misy fanomezantsiny sy faharatsiana.

2- Ny filàna : ny olona misy filàna, raha tsy afaka mahazo ny filàny izy amin'ny fomba mahitsy, dia manao izay hahazoana izany amin'ny fomba maloto, ohatra :

Ny mpangalatra, mila ny fivelomana izy, ka raha tsy afaka manatanteraka izany, dia voatery mankany amin'ny fangalarana izy.

Ny fahambanian-toetra, na dia misy fitiavana aza ao aminy dia tsy vitany ny maneho izany, satria ny faharatsiana no manjaka ao aminy, hametsifetseny hahazoana toeram-boninahitra.

Ary ny ankoatra izany...

3- Ny fitiavana: fironan'ny tena amin'olona iray na zavatra iray, ohatra:

Ny olona mitia ny iray amin'ireo vadiny roa, mihoatra noho ny fitiavany ny iray hafa. Ka manatanteraka ny adidiny tsy maintsy ataony amin'ilay voalohany misimisy kokoa mihoatra amin'ny fanatanterahany ny adidiny tsy maintsy ataony amin'ilay faharoa,

Ny mpampianatra mitia ny mpianany iray amin'ireo mpianatra maro, mihoatra ny fitiavany ny ambiny sisa, ka hanaovany ezaka amin'ny fiahiana sy fanomezana lanja azy, izay tsy ataony amin'ireo hafa, ary ny ankoatra izany...

Sâmi: fantatro ny antony tsy mampisy ny fahamarinana.

Ny mpivarotra: noho izany, miteny aho: tsy misy amiko ny iray amin'ireo antony; ka hanaovako ny tsy marina aminareo roa: Sâmi sy Qais.

Mâjid: azonao ve ry Fâiz izany ohatra izany?

Fâiz: eny, saingy momba ny zavatra hafa ny resako: ahoana no hahafantarantsika fa Allah dia marina?

Mâjid: hanome ohatra ny amin'izany aho.

Allah dia tsy misy ny iray amin'ireo antony tsy fisian'ny fahamarinana, ka hanaovany tsy rariny.

1- Ny faharatsiana: izany dia anisan'ny toetry ny olombelona sy ireo mpanome tsiny, fa Allah dia Tompo, malala-tanana

2- Ny filàna, tsy mila n'inona n'inona Allah, fa ny zavamisy rehetra dia eo ambany fikasany sy fahefany.

Izy no ambony indrindra amin'ny rehetra, ka tsy mila izay toeram-boninahitra.

Izy no manankarena indrindra amin'ny rehetra ka tsy mila izay harena.

Ary ny ankoatra izany.

3- Ny fitiavana, Allah dia tsy mitia zavatra iray mihoatra ny zavatra iray hafa, na mitia olona iray mihoatra ny olona hafa.

Eny, mitia ny olona miasa tsara amin'ny asany izy.

Ny fiahiany raha mihoatra amin'izany olona izany dia misimisy mihoatra amin'ny ankoatran'ny, saingy izany dia tsy fanaovana amin'ny zon'ny hafa ankoatran'ny akory.

Mâjid: moa ve azonao izay nolazaiko? Ary fantatrao ve ny maha mpanao ny marina an'i Allah, ary inona no antony ao anatin'izany?

Fâiz: eny, azoko, ary fantatro ny antony, misaotra anao aho ry mpampianatra.

Tsia, tsia, tsy maintsy manao ny marina aho.

Ny fahazavan'ity dia tsy fahamarinana, fa ny fahamarinana dia ny mifanohitra aminy.

Fâdhil: izany fahamarinana izany dia tsy hitanao.

Dhia: ny safidinao, ataovy izay tiana.

Fâdhil: ry zanako, Chifâ avy ianao.

Chifâ: eny, inona no ilainao? Ny baikonao.

Fâdhil: zarao mitovy ny harona misy vary, ho an'ireo biby misy amintsika

Chifâ: eny, avy eo nanomboka nizara izy

Ny boloky: antsasakilao

Ny soavaly: antsasakilao

Ny Gazelle: antsasakilao

Ny trondro miloko ao anaty dobo, antsasakilao. Ary ny ankoatra izany.

Dhia: inona no namboarinao omaly ry Fâdhil?

Fâdhil: tahaka izay nambarako anao, nozaraiko mitovy ny harona misy vary

Dhia: noho izany, mitsangana ianao, jerentsika ny vokany.

Dia nitsangana izy ireo, nanomboka teo amin'ny boloky, ka indro fa maty tao anaty tranony izy! Ny soavaly nitsipaka teo ambonin'ny tany, noho ny harerahana! Mitoreo vokatry ny aretin-kibo! Ny trondro mitsingevana ambonin'ny rano!

Fâdhil: tena mahagaga izany, inona no nahazo ireo biby ireo?

Dhia: vokatry ny nataonao

Fâdhil: moa tsy ny fahamarinana ve no nataoko? Ary izany dia zavatra mahatehotia eo amin'ny rehetra?

Dhia: ny fahamarinana dia mahatehotia eo amin'ny rehetra, fa raha ny nataonao kosa dia tsy rariny.

Fâdhil: fa inona àry ny fahamarinana? Hazavao amiko.

Dhia: ny fahamarinana na ny rariny: dia ny fanatanterahana ny adidy manoloana ny zava-drehetra araka ny fahasamihafa avy, ka ny marina amin'ny boloky ny famahanana azy siramamy...ny amin'ny soavaly dia

folo kilao amin'ny vary...ny amin'ny gazelle dia ny ahitra, ary ny trondro dia ny fanomezana azy mofo...ary ny ankoatra izany...

...ka noho izany, amin'ny maha marina sy mpanao ny rariny an'i Allah dia nataony manana loko ny voankazo iray, ary ny voankazo iray hafa dia nataony manana loko hafa ihany koa. Ho an'ny biby iray dia manana ny sakafony, ny biby iray hafa manana ny sakafony hafa ihany koa. Ary amin'ny toerana iray amin'ny tany dia misy metaly. Ary amin'ny toerana hafa loharano. Ary ny ankoatra izany...

Nefa dia vitany ihany koa ny manao ny voankazo rehetra ho endrika iray sy tsirony tokana, ary manao ny biby rehetra hanana sakafo tokana ihany koa, sy ny ankoatra izany...

Fâdhil: misaotra anao indrindra, fa lavitra ahy tokoa izany fiheverana izany teo aloha. Ary nihevitra aho fa nanao izay mifanohitra tanteraka tamin'ny fahamarinana sy ny rariny.

Moa ve hitanareo misy banga ao anatin'izany?

Ny Tale tsia, tsy misy banga ao anatin'ny, Andriamatoa Governora!

Ny Governora: hevitrao izay ry mpampianatra Hassoun?

Hassoun: ny Tale dia nanangona boky maro tao amin'ny tranony lehibe, ka tsy nitady boky izy raha tsy

efa nahatsapa fahabangana tao amin'ny sekoly, ny amin'izay lafiny izay, ary taloha dia nilaza izy ireo fa ny mpitaingina dia tsy mandinika ny momba ny mpandeha an-tongotra.

Fa isika mpampianatra kosa, dia mila fanaraha-maso sy famakiana ireo boky. Satria ny fahabangana tokana ao an-tsekoly dia ny tsy fisian'izany ho an'ny tranom-boky.

Ny Governora: hevitra misy lanjany izany, eny, mila izany ny sekoly, mila izany izy. Ny Tale no miandraikitra izany adidy izany sy ny mpanara-maso ny tahirim-bola izay tendren'ny minisiteran'ny fampianarana hitana izany faneva izany.

Ny Tale: namaritra ireo boky izay ilain'ny tranom-boky ireo mpampianatra.

Avy eo nanome baiko ny fividianana izany, ary namaritra izay efitrano ho an'ny tranom-boky.

Ary miangavy anao ry Sabri ny amin'ny fandaminana ny boky toy ny fandrindrana ny boky amin'ny tranom-boky lehibe ireny.

Dia nandamina ny boky Sabri, amin'ny endrika mirindra tokoa, ary nametraka ny fisokajiana azy:

1- araka ny rindran-damina manaraka ny sokajim-pahalalana: ny teny, ny lisitry fandrahana teny, ny lisitry ny fitsipi-pitenenana, sy ny hafa...

2- araka ny rindran-damina manaraka ny alfabetra: ny lisitry -a- , ny lisitry ny -b-, ny lisitry ny -d-...

3- araka ny rindran-damina manaraka ny karazan-teny: ny teny arabo, ny teny almana, ny teny anglisy...

4- araka ny rindran-damina manaraka ny anaran'ny mpanoratra: bokin'i Ibn Sinâ; bokin'i Nassir-d-dine, bokin'i Al Moufid...

Ny Tale: misaotra anao ry Sabri, tsy misy ny “Al Mahfaza Al Fouqâniya? Ary tsy misy ny “Al Mahfaza At tahtâniya”?

Sabri: ireo boky sarobidy, sy ny sora-tânana amin'ny Al fouqâniya. Ireo boky tsotra amin'ny At-tahtaniya.

Ny Tale: tsia, diso ianao, boky avokoa izy rehetra ireo, tsy misy fahasamihafana ao aminy, nahoana no avahana?

Sabri: raha very ny boky sarobidy, na ireo sora-tanana, dia sarotra ny manolo azy ireo, noho izany ataontsika amin'ny toerana lavitra sarotra raisina sy very. Saingy ny boky tsotra, dia tsy manahirana ny manolo azy, raha sendra ka very. Noho izany, ataontsika amin'ny toerana akaiky mora raisina. Ary toy izany ny fanaon'ny manan-tsaina: manaja ny tsy dia fahita firy sy sarobidy izy ireo, mihoatra ny fanajan'izy ireo ny maro sy ny tsotra.

Noho izany, hitanao izy ireo manaja ny tontolo, ny injeniera sy ny dokotera manaja bebe kokoa mihoatra ny fanajan'ireo bado. Ary izany dia tsy mifanohitra amin'ny fahamarinana, fa tena fahamarinana mihitsy. Mifanohitra amin'ny tsy rariny. Dia torak'izany koa Allah, nandidy ny fanajana ny manam-pahalalana; nisafidy azy mihoatra amin'ny bado.

Ny Tale: marina izay nolazainao, saingy nampatsiahy ahy zavatra iray ianao tamin'ny resakao farany.

Sabri: inona izany ry Andriamatoa Tale?

Ny Tale: ny hevity ny fahamarinana araka ny voalazanao dia fisafidianana ny manam-pahalalana mihoatra amin'ny bado, ary tahaka izany no nandidian'i Allah. Saingy, moa anisan'ny fahamarinana ny fanamboniana ny mpanan-karena amin'ny mahantra? Nahoana Allah no nisafidy ny manan-katao, ary nomeny manokana ireo harena sesehena? Nefa tsy miraharaha ny mahantra, ary tsy mba nomeny tamin'ireo harena na dia kely aza?

Moa ve tsy anisan'ny fahamarinana ny fampitoviana azy roa ireo?

Sabri: ny fahamarinana sy ny fahendrena dia mpiray tampo tsy afa-misaraka!

Ny fahamarinana: midika ho fiahiana ny mahantra, mba tsy iharan'ny fahavoazana mafy. Ary izy ireo dia manana anjara amin'ny harenan'ny mpanan-karena. Ka nametrahan'i Allah ny:

Zakat na harena fiantrana, ho an'ny mahantra.

Ny khoums (ampahadimin-karena) ho an'ny mahantra

Ny sadaqa na fanomezana ho an'ny mahantra

Ny Fitra (fanomezana amin'ny faran'ny Ramadany) ho an'ny mahantra

Ary aorian'izany, mampirisika amin'ny famoahana fandaniana, sy ny fandraisam-bahiny, ary ny fampitoviana, ary ny fahendrena: dia midika ny fanomezan'ireo olona sasany mpanan-karena ny fotoanany amin'ny fikajiana ireo harena sy ny fanisana azy...

Ary ny olona sasany mahantra dia mamboly, sy manorina ary miasa, miandraikitra ny adidy sisa arapiraha-monina.

Fa raha toa manan-karena avokoa ny olona rehetra, dia iza no hamboly? Iza no hanadio?

Ary iza no ...? Ary raha toa indray mahantra avokoa, dia iza no hikaroka ny fiadanana? Iza no hividy sy hivarotra? Iza no ...? Iza no...?

Noho izany, ny fahamarinana sy ny fahendrena, dia tsy maintsy mametraka ny fisian'ny mpanankarena sy ny mahantra, ny andaniny manana ny momba azy, ary ny ankilany ihany koa manana ny momba azy. Saingy, miaraka amin'ny fitsinjovana sy fiahiana ny fetra sy ny rindran-damina, tsy hanao tsy rariny ny mpanan-karena, ary tsy hijaly ny mahantra.

Ny Tale: misaotra anao ry Sabri amin'ny fisainanao matsilo, sy ny talentanao madio.

Noho izany, mazava loatra eto: ny trangan-javatra efatra

1- Izao tontolo izao dia porofo maneho Ilay Andriamanitra Hendry sy be fahalalana, ary mahefa, marina.

2- Allah dia marina: tsy manao ny tsy rariny Izy. Ary inona avy ireo anton'ny fanaovana tsy rariny?

3- Ny hevitra ny fahamarinana, ary ny fahasamihafana eo amin'ny mpivarotra dia tsy anisan'ny tsy rariny.

4- Ny fahasamihafana eo amin'ireo saranga ara-piaraha-monina, ny fananan-karena sy ny fahantrana dia tsy anisan'ny tsy rariny.

Ah! Manaintaina tokoa izany fery izany!

Zahara: ry zanako vavy, Samira, fery inona?

Samira: ry neny; fery eo amin'ny tongotro, nandritra ny andro maromaro, amin'ny alina vao tena mitombo ny fanaintainany.

Zahara: ry Salim vadiko, inona no fanafana? Tsy matory mihitsy ny zanakovavy amin'ny fanaintainana.

Salim: rahampitso, miverina any amin'ny dokotera isika, raha sitrak'i Allah..

Salim: dokotera, ny fiadanan'ny Tompo anie ho aminao!

Ny dokotera: ho aminao ihany koa anie ny fiadanan'ny Tompo! Ho fahatsarana anie!

Salim: ity zanakovavy Samira ity dia misy fery eo amin'ny tongony.

Ny dokotera: taorian'ny fizahana ny fery: Samira, zanakovavy, tsy maintsy mitaky fandidiana izy io.

Samira: tsia, matahotra aho

Ny dokotera: aza matahotra ianao, tena faran'izay tsotra io. Iray minitra monja, raha sitrak'i Allah.

Zahara : atahorana ve izy io dokotera sa tsia ?

Ny dokotera : tsia, tsia, tsy misy atahorana io. Izao dia izao dia hanao ny fandidiana aho.

Nandray ny antsikely fandidiana ny dokotera, dia nanokatra ny fery haingana tokoa.

Samira: Ah! Ah! Ah! Tsia, tsia, tsia...

Ny dokotera: tsia, ry zanakovavy; ho sitrana haingana io.

Salim: inona no anton'izao fandidiana izao, dokotera, mijaly loatra ny zanakovavy?

Ny dokotera: izany fanaintainana izany dia hahatsara ny tenany, fa izaho raha ny marina tsy te-hampijaly azy, ary tsy misy tombony ho ahy mihitsy ny amin'izany.

Ary torak'izany koa ny fijaliana rehetra amin'ny fiainana an-tany, fa izany dia hahasoa ny zanak'olombelona:

1- Na tombontsoa ho an'ny olona sisa rehetra: toy ny fanapahana ny tãnan'ny mpangalatra sy ny fikapohana izay manda ny fanomezana ny zo ary ny fikapohana izay manopa olona.

2- Na tombontsoa ho an'ny tenan'ilay olona ihany: toy ny olona marary, ho fampitandremana azy sy hiverenany amin'i Allah, ary hialany amin'ny faharatsiany. Ka ny fanaintainana maro dia noho ny anton'izany. Na toy ny olona iharam-boina, ka hampiala ao am-pony ny fahasahiranana-tsaina, sy hanadiovany ny tenany amin'ny faharatsiana, toy ny fitempon'ny vovom-bolamena mifangaro amin'ny vovoka, izay hiverenan'ny tombontsoa aminy ihany amin'ny farany.

Ahoana no hahafantaranao ny faminaniana?

“Izy no nandefa Iraka ho amin'ireo olona tsy nahay namaky teny sy nanoratra, izay avy ao amin'izy ireo ihany, ka namaky tamin'izy ireo ny andininy avy Aminy, nanadio azy ireo, sy nampianatra ny Boky, ary ny fahendrena, na dia tao anatin'ny fahaverezana tokoa aza izy ireo taloha” (al jomou'a 62.2)

...handeha ho any amin'izy ireo ve ianao?

Jamal: arakaraka ny baikonao. Avelao aho hanontany: ary nahoana ianao no mibaiko ahy amin'izany zavatra izany?

Mahmoud: satria izy ireo olona lavitry ny fahendrena, mila fanabeazana izy ireo, nefa misy tanjaka maro ao

amin'izy ireo, saingy zava-poana izany, noho ny korontana manjaka eo amin'izy ireo, ao ny mikapoka ny hafa, ny atsy mamono ny eroa, ny sasany mangalatra, ny hafa maka an-keriny ny fananan'ny sasany; ao ny manao tsy rariny...

Jamal: ka aiza àry no handefasanao ahy amin'izy ireo?

Mahmoud: hazavaonao amin'izy ireo ny lanjan'ny maha olombelona, ary toroy izy ireo ho amin'ny fahamarinana, hazavao amin'izy ireo ny lalam-piainana mazava.

Jamal: nahoana no tsy avelanao amin'ny misy azy izy ireo?

Mahamoud: satria izany dia mifanohitra amin'ny fahamarinana, ary manafonana ny hasina, moa ve mandry ny feon'ny fieritreretanao? Amin'ny fanaovan'ny iray tsy rariny amin'ny iray hafa, avy eo tsy vonjenao ny iharan'ny tsy rariny?

Jamal: tsia, tsy mankasitraka izany velively aho!

Mahmoud: ka noho izany antony izany tokoa no handefasako anao ho any amin'izy ireo, hitsara, ka hampilamina ny momba azy ireo, ary izany no fahendrena fonosin'ny fandefasan'i Allah Ilay Avo indrindra ireo mpandamina izay antsoina hoe "Mpaminany" ho amin'ny zanak'olombelona, fa ny olombelona, araka ny filàny dia manjaka ao aminy ny fanaovana tsy rariny, sy ny fitiavana korontana, ka noho ny famarinan'i Allah dia tsy itombona velively ny famelany azy ireo ho amin'izany tranga izany.

Jamal: marina izany voalazanao izany, saingy azon'i Allah atao ny mamela ny olombelona tsy misy Mpaminany fa dia miankina amin'ny mpitsara sy ny mpanjaka, ary ny filozofia sy ireo manam-pahaizana fotsiny, ka izy ireo no miandraikitra ny fampisiana fahatsarana ho an'ny firenena, ary amin'ny alalan'izy ireo no hampanjakana ny fahatoniana eran-tany.

Mahmoud: moa ve ianao miteny izany am-pinoana tanteraka tokoa?

Jamal: eny, amin'ny finoako tanteraka tokoa

Mahmoud: mahagaga; izany kolontsainao izany, raha miteny izany teny izany ianao?

Jamal: fa ahoana izany?

Mahmoud: moa tsy hitanao ve: ny ady rehetra sy ny fanjakana izay entin'ny mpanjaka sy ny mpitondra? Nefa ny mpanjaka sy ny mpitondra dia tsy manao afa-tsy ny fanararaotana sy ny tsy rariny, fa vitsy amin'izy ireo no tsy toy izany! Izy ireo dia tsy afaka mampihatra ny fahamarinana mihitsy, ary raha mandinika isika ny faharatsiana nentin'ny fiainan-dia nandritra ny vanimpotoanan'ny fahamaizina, sy ny faharatsiana nentin'ireo mpanjaka sy mpanao politika, dia tsy misy lanjany akory ilay voalohany raha mihoatra amin'ilay faharoa, tahaka ny iray mihoatra amin'ny arivo.

Mahamoud: ary any ho any dia misy tranga hafa ihany koa: ireo mpanjaka sy mpanao politika dia miaro ny endriny ivelany fotsiny, fa ny fitondrantena sy ny fahitsiana ara-panahy dia tsy misy mihitsy.

Jamal: ahoana ny amin'izany, ary inona no porofo amin'izany?

Mahmoud: mazava ny porofo, amin'ny fiverenana amin'ireo lalàna avoakan'ny solombavam-bahoaka, fa izany dia tsy manana lalàna ho amin'ny fahamarinana, na ny rainy, na ny fahatoniana, na ny fiarovana, ...afatsy ny mifanohitra amin'izany, ary mifanohitra amin'ny finoana tanteraka izany izay nentin'ny Mpaminany, mitoetra eo anilan'ny fitsipi-dalàna ara-piaraha-monina, sy rindran-damina ara-panahy, ary ara-pitondrantena.

Moa ve nandefa an'i Jamal tany amin'izy ireo ianao ry Mahmoud?

Mahmoud: eny nalefako tany amin'izy ireo izy; fa inona no ilainao izany fanontaniana izany ry Salah?

Salah: ny ilaiko izany fanontaniana izany dia inona no antony nisafidiananao manokana an'i Jamal halefa any amin'izy ireo? Ary nahoana no tsy nandefa an'i Zaid ianao nefa izy no manan-katao mihoatra amin'i Jamal?

Mahmoud: efa fantatrao ry Salah, fa ny fanoroana olona sy ny fitarihana azy ireo, dia tsy tanteraka amin'ny alalan'ny vola, fa mitaky zavatra roa: ny fahatsaran'ny fitsipi-dalàna, tsy misy fanampiana sy fanalana.

2- Ny fitondrantena feno tanteraka, mba hampety ny fitarihana, ary misy ao amin'ny Jamal izany fepetra roa izany, fa tsy torak'izany i Zaid, na dia manan-karena aza izy, sy manana fananana maro,

Ary izany no tsiambaratelo tsy mba nandefasan'i Allah ho amin'ny olombelona ny olona manankarena sesehena, sy voninahitra lehibe, raha tsy feno ao aminy ireo fepetra roa ireo, ary zava-poana ny fitsikeran'ny vahoaka ireo mpaminany mahantra, satria ny fanoroan-dàlana dia tsy mifamatotra amin'ny harena velively.

Salah : saingy mendrika kokoa ny fananan'ny Mpaminany harena amam-boninahitra, mba hitodihan'ny olona any aminy bebe kokoa.

Mahmoud : nefa mifanohitra amin'izany ny tranganjavatra, fa ny Mpaminany raha manan-karena amam-boninahitra izy dia mitodika any aminy ny olona noho ny fitadiavana tombontsoa fotsiny, harena sy voninahitra. Fa tsy mipetraka ao am-pon'izy ireo akory ny finoana feno, ka hiparitahan'izany any amin'ny sisa tsirairay avy, fa ny tonga ao aminy dia ny fitsiriritana ny vola na ny fikatsahana ny fahamboniana, ary vetivety dia manjavona izany, fa izay tonga noho ny finoana kosa, dia toy ny tendrombohitra izy, tsy mampihontsina azy izay tafio-drivotra.

Ary nahoana ianao ry Mahmoud no tsy resy lahatra amin'ny anankiray ?

Moa ve ampy hanatanteraka izany andraikitra izany irery Jamal, alefasoana amin'izy ireo Jamal sy Hâdi ary Kamâl anatin'ny fotoana iray, ary nandefa tamin'izy ireo olona hafa ianao talohan'izany. Ary aorian'izany ihany koa ny olona hafa?

Mahmoud: ry Salah, i Jamal sy Hâdi ary Kamâl dia amin'ny tanàna maro, ka tsy handefa azy ireo ho amin'ny tanàna iray aho, satria izy ireo dia toy ny governora samihafa amin'ny faritra iray, ka isaky ny tanàna sy toerana dia samy mila mpitarika sy mpampianatra, ka noho izany, alefako amin'ny fotoana iray olona maromaro, ka rehefa maty izy ireo, dia mandefa amin'izy ireo olona hafa indray aho, ary dia toy izany hatrany...

Dia torak'izany koa ireo Mpaminany, Allah dia mandefa azy ireo araka ny tombontsoa takiana, ka dia mandefa mpandamina sy mpanoro isaky ny tanàna lzy, ary rehefa maty izy ireo dia mandefa hafa ankoatra azy ireo indray, dia toy izany hatrany...

Ka raha maheno ianao fa ny isan'ireo mpaminany dia 124 000, dia izay nampatsiahiviko anao teo izay no tsiambaratelon'izany.

Salah: nampatsiahy ahy ianao ry Mahmoud ny amin'ireo mpaminany, fa firy ny isan'izy ireo? Ary inona no anjara asan'izy ireo? Ary iza no voalohany tamin'izy ireo? Ary iza no farany amin'izy ireo? Ary nahoana Allah no tsy nandefa mpaminany tamin'ny fotoana sasany? Ary moa ve misy fahasamihafana ireo mpaminany ireo? Ary nahoana no nalefa tamin'ny toerana iray sy fotoana iray ny mpaminany roa? Ary nahoana ny sasany tamin'ireo mpaminany no voatokana ho amin'ny fiantsoana ny olombelona manontolo, ary ny sasany natokana ho amin'ny vondron'olona manokana? Miangavy anao aho hamaly izany fanontaniana izany.

Mahmoud: ireo fanontaniana valo ireo, dia hovaliako araka ny fahavononanao, satria ny sasany dia mila amin'ny endrika mivelatra ny famaliana azy, nefa ny mpianatra amin'ny ambaratonga voalohany dia tsy mahazaka izany.

1- Ny amin'ny isan'ny mpaminany, dia efa nolazaiko fa 124 000 izy ireo.

2- Ny anjara asan'izy ireo dia fanoroana ny olona ho amin'ny fahamarinana, sy ny rariny, ary ny fahatsarana, ka hiainan'izy ireo am-pahasambarana sy am-pahatoniana ary am-pahatsarana, ka ny voalohany sy ny farany amin'izy ireo dia hametraka ny fahatsarana sy ny fahombiazana.

3- Ny voalohany amin'izy ireo dia Adama (a.s), noharian'i Allah Ilay Avo indrindra izy, ary nohariany ho azy ihany koa ny vadiny antsoina hoe "Hawa" (Eva), dia nitombo taranaka izy ireo, ka ny zanak'izy ireo dia Hâbil (Abela) sy Qâbil (Kaina), ary noharian'i Allah ho azy roalahy ireo ny vady anankiroa, fa tsy avy amin'i Adama sy Eva akory, ka ny zanak'izy ireo dia lasa zanaky ny mpirahalany dia nifanambady izy ireo ary nihamaro, ka isika sy ny olona rehetra maneran-tany dia avy amin'ny taranak'izy roalahy ireo.

4- Ny farany amin'izy ireo indray dia i Mohammad Ibn Abdillah (saw).

5- Ny amin'ny tsy nandefasan'i Allah mpaminany amin'izao fotoana izao intsony, dia satria tsy misy antony ilàna izany satria efa tonga ny Mpaminany Mohammad (saw) nitondra izay ilain'ny zanak'olombelona

hatramin'ny andro fitsanganana amin'ny maty, ka ny fandefasana mpaminany aoriany dia zava-poana ihany, ary Allah dia tsy manaonao foana.

6- Ny amin'ny mahasamihafa ireo mpaminany indray, dia maro ireo fahasamihafana, fa ireo mpaminany dia toy ireo manam-pahaizana, ka ny sasany amin'izy ireo dia manana fahefana kokoa raha mihoatra amin'ny sasany, ary ny sasany feno fahalalana kokoa raha mihoatra amin'ny sasany, ary sasany dia mendrika kokoa raha mihoatra amin'ny sasany hafa. Dia torak'izany koa ireo mpaminany.

Ka noho izany, dia mizara sokajy roa ireo mpaminany: voalohany ireo mpaminany lehibe, ireo izay nalefa ho an'izao tontolo izao, noho ny fananan'izy ireo tanjaka amin'ny fikasana sy finjavana, ary ny fivelarana tanteraka sy ny fitondrantena mendrika, misy dimy izy ireo:

Ny voalohany: Nouh (Noa) (a.s)

Ny faharoa: Ibrahim (Abrahama) (a.s)

Ny fahatelo: Moussa (Mosesy) (a.s)

Ny fahefatra: Issa (Jesosy) (a.s)

Ny fahadimy: Mohammad (saw)

Ny faharoa, dia ireo ankoatra azy ireo, ireo izay natokana ho an'ny vahoaka voafaritry ny hafatr'izy ireo, na vondron'olona, ireo mpaminany sisa rehetra, ary izy ireo ihany koa dia samy manana ny mampivavaka azy sy ny fahamendrehany.

7- Ny amin'ny fandefasany mpaminany roa amin'ny tanàna iray indray, dia satria izany no mahamora ny faneken'ny olona, ary ny fahendrena dia mitaky izany, tahaka ny tantaran'i Moussa sy Haroun (a.s) fa ny olona roa dia mendrika arahina kokoa, satria ny iray dia manamarina ny tenin'ny iray.

8-Ka ny fanokanana ny Mpaminany sasany afaka manao ny fampielezana amin'ny rehetra, izay tsy hitovizany amin'ny hafa, dia satria Allah noho ny fahendreny sy ny fahalalany, dia fantany, iza amin'izy ireo no handrakotra ny tany manontolo ny fampielezany, ary iza amin'izy ireo no tsy hahatanteraka izany, fa vonoin'ireo tsy mpino ny fahazavany, ka noho izany dia natokan'i Allah ny sasany tamin'izy ireo, amin'ny fampielezana ho an'izao tontolo izao, izay tsy nataon'ny hafa, ary ho fanampin'izany: ny sasany tamin'ireo mpaminany dia nalefa ho fandaminana faritra voatokana, toy ny fisian'ny fahavetavetana tafahoatra, ny fangalaran-danja sy fatra...ka tsy natao ho an'izao tontolo izao ny fampielezan'izy ireo, fa voatokana ho an'ireo izay nihoapefy sy nanao faharatsiana.

Jawwâd: moa ve fantatrao ry Mouhsine, inona no mahatonga ny fifanolanana eo amin'ireo fivavahana sy ireo antokom-pivavahana?

Mouhsine, ny fifanolanana dia tsy mitranga amin'ny finoan'i Allah, fa izany dia noho ny habadoana vokatry ny fanimbana nataon'ny tanan'olombelona amin'ireo fivavahana, fa raha tsy izany dia iray ihany ny

fivavahana; tonga avy amin'Andriamanitra tokana ihany, ho fanatsarana ny zanak'olombelona.

Jawwâd : miangavy aho, hazavao amiko ny resakao !

Mouhsine: tena marina Allah dia nahary ny olombelona, sy ny sisa rehetra amin'ny zava-boahary, ary mahafantatra ny mahaso a sy ny maharatsy azy Izy, avy eo nandefa ireo mpaminany, ho fitarian-dalana ny olombelona, ho any amin'ny mahaso azy ireo.

Ary ireo mpaminany dia samy nanambara izay avy amin'i Allah izy rehetra, fa ny fahasamihafana dia miseho eo amin'izay hevitra takian'ny fanazavana sy ireo vahoaka samihafa.

Fa ny amin'ny fahasamihafana fototra dia tsy nisy ary tsy hisy.

Raiso ity ohatra ity:

Nouh sy Ibrahim ary Moussa sy Issa ary Mohammad ho amin'izy rehetra ireo anie ny fitahian'i Allah sy ny fahasoavany, ary ireo mpaminany sisa rehetra dia samy niteny:

- 1- Ny tontolo dia manana Andriamanitra
- 2- Marina Izy
- 3- Ary Izy dia manana solontena: dia ireo mpaminany izany.
- 4- Ary ireo mpaminany dia manana mpandimby, izy ireo no mpisolontena azy ireo aorian'ny fahafatesany.

5- Allah dia hampitsangana ireo rehetra ao am-pasana, hanomezana azy ireo ny paradisa na ny afobe.

Ary raiso ihany koa ny ohatra hafa:

Ireo mpaminany rehetra, dia samy niteny:

1- Ny tsy maintsy hisaorana an'i Allah mandrakariva amin'ny alalan'ny vavaka fanompoana (salat)

2- Ny fanomezana harena ny mahantra, amin'ny alalan'ny fanomezana harena fiantrana (zakat).

3- Ny fampirihana amin'ny fanaovana fahatsarana, sy ny fampirihana amin'ny fahamendrehana.

4- Ary ny fandrarana amin'ny fanaovana ratsy, sy ny fandrarana amin'ny faharatsiana

Raiso ihany koa ity ohatra hafa ity:

Ireo mpaminany rehetra dia samy niteny:

1- Ny filazana ny marina dia fahatsarana

2- Ny fanajam-pitokisana dia fahatsarana

3- Ny fanatanterahana fanekena dia fahatsarana

4- Ny fitondrantena mendrika dia fahatsarana

5- Ny fahalalahan-tànana sy ny fangorahana dia fahatsarana

6- Ny fivadiam-pitokisana dia faharatsiana

7- Ny lainga dia faharatsiana

8- Ny tsy rariny dia faharatsiana

9- Ny fampijaliana dia faharatsiana

10- Ny famotehana dia faharatsiana

Raiso ny ohatra hafa:

Tena marina ireo mpaminany rehetra dia samy niteny:

1- Aoka ianareo tsy hihinana ny harenanareo samy ianareo amin'ny tsy rariny.

2- Raha mitsara ireo olona ianareo dia aoka hitsara am-pahamarinana.

3- Ny varotra dia misy fankasitrahana avy aminareo.

4- Ny aina solon'ny aina.

Koa amin'ny alalan'ireto tranga efatra ireto: 1- Ny fototra. 2- Ny fanompoana. 3- Ny fitondrantena. 4- Ny fitsipi-dalàna, no nifantohan'ny fampianaran'ireo mpaminany.

Saingy mety samihafa ny endrika nisehoany, araka ny zava-misy.

Fa handeha àry horaisintsika ny tsy maintsy atao:

Ny vavaka fanompoana (salat) amin'ny fitsipi-dalàna dia raka'at anankiroa, ary efatra raka'at dia toy izany...

Ary dia natambatr'i Allah ho ao amin'ny finoana Islamo ny varavaran'ny finoana rehetra. Izay nankasitrahany ho tari-dàlana ho an'ny zanak'olombelona hatramin'ny andro hananganana azy ireo amin'ny maty, ka noho

izany dia nofoanan'ny finoana Islamo avokoa ireo fitsipid-alana ara-pinoana teo aloha, fa izy irery ihany no finoana eto amin'izao tontolo izao, ka tsy misy finoana voaray ankoatra azy. **“Fa izay mandray finoana hafa ankoatra ny Islamo, dia tsy ho voaray izay rehetra hataony, ary izy dia isan'ireo ho maty antoka indrindra any an-koatra”** (Al Imrân 3.85).

Rachid: avy aiza no hahafantarantsika ny fahamarinan'ireo mpaminany ry Mouhsine?

Mouhsine: ny fahafantarana ny fahamarinan'ireo mpaminany dia misy fomba roa:

1- Ny fahalalana sy fahamendrehana, ary izany dia natao manokana ho feno fahalalana.

2- Ny fahagagana: ny hevitr'izany, dia ny fitondran'ny mpaminany tranga mifanohitra amin'ny mahazatra sy ara-boajanahary, ka amin'ny alalan'izany no maneho fa mpaminany marina izy, satria raha tsy noho ny fifandraisana amin'ilay Mpahary ny lanitra sy ny tany, dia tsy afaka ny hanova ny lalàn'ny natiora izy.

Rachid: inona ireo fahagagana nentin'ireo mpaminany?

Mouhsine: ireo mpaminany dia nanana fahagagana maro, ary raiso ity ohatra ity:

Moussa (a.s), ny fahagagany dia ny fanipazana ny tehiny teny an-tânany, dia indro fa nanjary bibilava lehibe nihinana izay rehetra hitany, avy eo niverina tamin'ny endriny tany am-boalohany ihany.

Ary Issa (Jesosy) (a.s) kosa, ny fahagagany dia ny fanasitranana moana sy boka, ny jamba ary ny famelomana ny maty.

Fa ny fahagagana noentin'ny Mpaminany Mohammad (saw) dia ny boky masina kor'any.

Rachid: ny amin'ny maha fahagagan'ny tehina sy ny fanasitranana ny moana, ny boka sy ny jamba ary ny famelomana ny maty dia efa fantatsika, ka tsy hisy n'oviana n'oviana ireo tranga ireo raha tsy fanampiana avy amin'Ilay Mpahary ny tany sy ny lanitra, fa ny amin'ny maha fahagagana ny Kor'any kosa, dia inona no hevitr'izany? Moa tsy teny arabo ve ny Kor'any, ary ny teny dia tenin'ny olona rehetra?

Mouhsine: ny Kor'any dia tsy toy ny teny hafa rehetra, fa izy dia ambonin'ny teny rehetra, tsy vitan'iza n'iza ny miteny mitovy aminy.

Rachid: avy aiza no ilazanao izany?

Mouhsine : fantaro ry Rachid fa ny Mpaminanin'ny Islamo Mohammad (saw) dia tonga nitondra ny Kor'any avy amin'i Allah Ilay Avo indrindra, izay amin'ny teny arabo, ary tamin'izany fotoana izany ny arabo dia nandray ny Mpaminany ho fahavalo, sy nampijaly azy, ary nanao azy ho mpandainga tamin'ny antso izay nataony, ny amin'ny hafatra avy amin'i Allah Ilay Avo indrindra, ary mahay miteny sy manan-talenta amin'ny fahaiza-miresaka izy ireo.

Niteny tamin'izy ireo ny Mpaminany (saw) : ianareo raha mankahala ny faminaniako, dia aoka hitondra mitovy amin'ny Kor'any, satria izy dia amin'ny teninareo

sy ny firesahinareo, nefa tsy nahavitra nitondra mitovy aminy izy ireo.

Raha toa ny Kor'any ka teny tsotra toy ny teny sisa rehetra, dia vitan'izy ireo ny nitondra mitovy aminy, ka ny tsy fahavitan'izy ireo izany dia porofo maneho fa ny Kor'any dia avy amin'i Allah Ilay Avo indrindra.

Rachid : avy aiza no ilazanao fa ny Mpaminany dia nanao fanamby azy ireo, nefa tsy nahavita nitondra mitovy amin'ny Kor'any izy ireo ?

Mouhsine : tena marina ny Kor'any tenany mihitsy dia maneho miharihary an'izany fanamby izany amin'ny toerana maro :

1- Amin'ny toerana iray dia mangataka azy ireo ny Kor'any mba hitondra mitovy amin'ny Kor'any : « **Dia lazao hoe: “Fa na mitambatra aza ny olombelona sy ny djiny, mba hamorona mitovy amin'ity Kor'any ity, dia tsy hahavita velively mitovy amin'izany izy ireo, eny, fa na dia hifanohana aza »** (Al Isra 17.88)

2- Amin'ny toerana iray hafa, dia mangataka azy ireo ny Kor'any mba hitondra toko folo mitovy amin'izay ao amin'ny Kor'any : « **Mitondrà àry antokon-tsoratra folo mitovy amin'ity, noforonina avy aminareo...** » (Houd 11.13)

3- Amin'ny toerana iray hafa ihany koa dia mangataka azy ireo ny Kor'any hitondra toko iray monja : « **Fa raha misalasala ny amin'izay nampidininy tamin'ny Mpanomponay kosa ianareo, dia mba mamorona antokontsoratra mitovy aminy ary antsoy aty ireo vavolombelonareo**

(ireo sampy) izay tompoinareo ankoatra an'Andriamanitra, raha tena mpilaza ny marina tokoa ianareo» (Al baqara 2.23)

Saingy izy ireo dia tsy nahavita izany, eny fa na dia toko faran'izay fohy indrindra aza, toy ny toko Al Ikhlas : « **Lazao hoe: “Izy no Andriamanitra tokana. Andriamanitra Ilay hany ianteheran'ny rehetra, sady tsy niteraka Izy no tsy nateraka, ary tsy misy na iray aza mitovy Aminy» (Al Ikhlas 112.1-4) ; na ny toko Al Kaouthar : « Efa nomenay anao tokoa ny fabetsaham-pahasoavana, koa tanteraho ny vavaka fanompoana ho an'ny Tomponao, ary manolara sorona, fa izay mankahala anao no tsy hanan-taranaka» (Al Kaouthar 108.1-3), noho izany dia nirona tamin'ny fampijaliana rehetra sy ny ady ary ny fanendrikendrehana izy.**

Tena marina izany porofo izany, dia mazava amin'ny fahamarinan'ny antson'ny Mpaminany amin'ny faminiana.

Moa tsy hitanao fa ny arabo dia tsy nahavita nitondra andalana fohy tokana mitovy amin'ny toko fohy ao amin'ny Kor'any , nefa izy ireo olon'ny fahaiza-miteny sy firesahana, moa tsy midika ve izany fa ny Kor'any dia nidina avy amin'i Allah Ilay Avo indrindra ?

Ary ny Irak'i Allah (saw) dia nanana fahagagana maro hafa, voalaza amin'ny bokin'ny tantara.

Jawwâd : iza no farany tamin'ireo mpaminany ?

Ja'afar : ny farany tamin'ireo mpaminany :

Ny anarany dia Mohammad (ho eo aminy sy ny fianakaviany anie ny fitahian'i Allah)

Ny rainy : Abdoullah

Ny reniny : Amina Bint Wahab.

Ny toerana nahaterahany : Makka Al Moukarrama.

Ny nahaterahany : 17 rabioul Awwal.

Ny naha mpaminany azy : ny faha 27 n'ny volana rajab, taorian'ny faha 40 taonany.

Ny vadiny malaza : Khadija Bint Khouwailid.

Nidina taminy ny Anjely Jibril (Gabriel) avy amin'i Allah tao Makka Al Moukarrama, tao amin'ny tendrombohitri' Hirâ, tamin'ny 27 rajab taorian'ny faha efapolo taonany, dia nampidininy taminy ny Kor'any, ary nambarany taminy ny vaovao mahafalin'ny faminiana, ka niteny taminy izy hoe : « vakio ! » dia namaly ny Mpaminany (saw) : « tsy mahay mamaky aho », niteny ny Anjely : amin'ny anaran'i Allah, ilay be fiantrana, ilay be indrafo : « **Vakio amin'ny anaran'ny Tomponao, Ilay Nahary,**

izay Nahary ny olombelona avy amin'ny vaingan-drà. Vakio fa ny Tomponao no fatra mpitsimbina, izay nampianatra tamin'ny alalan'ny penina, ka nampianatra ny olombelona izay tsy fantany. ... »

Dia nitsangana izy niantso ny olona ho amin'ny teny roa : mijoro vavolombelona aho fa tsy misy Andriamanitra hafa afa-tsy Allah, ary mijoro vavolombelona ihany koa aho fa i Mohammad dia irak'i Allah.

Dia nampijaly azy izy ireo sy nanompa azy, nanenjika azy, nanapaka ny fifandraisana taminy, ary dia nandefa taminy sy tamin'ireo mpino silamo ireo karazana fampijalina samihafa.

Dia nitoetra tao anatin'izany ny Mpaminany (saw) tao Makka Al Moukarrama nandritra ny telo taona.

Avy eo, nikasa ny hamono azy izy ireo, ka dia nifindra monina tany Al Madina Al Mounawwara izy.

Ary dia niparitaka tany ny fampielezana, ka nanomboka niseho ny Islamo, ary tsy naharitra ela akory dia niditra sesehena tao amin'ny finoan'i Allah ny olona.

Dia nitoetra tany ny Mpaminany (saw) nandritra ny folo taona, mandra-pakan'i Allah ny fofon'ainy tamin'ny faha 63 taonany.

Izany no famintinana ireo toe-piainan'ilay Mpaminany farany (saw).

Houssein : ry mpampianatra Kazim, moa ianao mahafantatra ny amin'ny maha tsy voapentin'ny ota an'ireo mpaminany ; ary inona no hevity ny hoe tsy voapentin'ny ota ? Fa nisy tamiko sy ny iray tamin'ny namako ny fikarohana mikasika izany lohahevitra izany, ary izy no farany mitovy amiko tsy mbola mizotra amin'izany lâlana izany!

Kâzim : tena marina Allah dia mibaiko antsika hanao zavatra, ary mandrara antsika tsy hanao zavatra hafa ihany koa, ho fahatsaran'ny isam-batan'olona sy ny fiaraha-monina, na lazao hoe : « ny fiainana an-tany sy

ny any ankoatra », ary ny Mpaminany dia manao izay rehetra nandidian'i Allah azy, ary mamela izay rehetra nandranan'i Allah azy.

Ka ny Mpaminany dia manana ny toe-panahiny, izay nandefasana azy ho amin'izany, tahaka ny olona mahery fo, manana ny toetenany nandefasana azy ho amin'ny hafanampo ; sy ny fiatrehana ny ady, ary ny malalatahana manana ny toetran'ny amin'ny fanomezany ny haren'ny.

Houssein : ary inona no ilana izany toetra izany, moa ve ny Mpaminany tsy toy ny olon-drehetra sisa ihany ?

Kâzim : tsia ! tena marina ny Mpaminany dia nalefa ho amin'ny fanatsarana ny fiaraha-monina, hiala amin'ny fahalotoan-toetra sy fanahy..ary izany rehetra izany dia mitambatra ao amin' ny fandraran'i Allah. Ary ho fanoroana ny fiaraha-monina, ho amin'ny fahatsaram-pitondrantena sy fanahy. Ary izany rehetra izany dia ao amin'ny fandidian'i Allah.

Ary tsara ho fantatra fa izay mamela ny tsara, na manao ny ratsy dia tsy misy fiantraikany amin'ny olona.

Noho izany, ny Mpaminany dia tsy voapentin'ny ota, tsy manao fahotana izy, ary tsy mamela ny adidy tsy maintsy atao ihany koa.

Ary hatreto dia milaza ny Kor'anany masina : « **ary tsy miteny araka ny sitrapony izy, fa izany dia faminiana tonga taminy**» (an-nadjm 53.3-4)

Ahoana no hahafantaranao ny fitarihana ara-pinoana ?

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

« Eny, tsy misy sakaiza mpiahy anareo afa-tsy Andriamanitra, sy ilay Irany, ary ireo izay mino, manatanteraka ny vavaka fanompoana (salat), manome ny harena fiantrana (zakat) eo am-pihondrehana.... » (al ma-idah 5.55)

Ka noho izany dia mahita aho fa tsara indrindra ny handehanako.

Majid : fa nahoana ?

Hâchim : satria nahatontosa ny adidiko aho. Ary tsy misy asa tavela intsony aho.

Majid : moa ve nampandraiketinao olona hafa ny raharahanao ?

Hâchim : nahoana aho no tsy hanao izany ?

Majid : avelao ny olona no misafidy izay afaka hitana ny fanekem-pitokisany sy ny finoany.. !

Hâchim : inona no tombontsoa amin'izany ?

Majid : raha nametraka olona teo amin'ny toeranao ianao, dia hifanohitra aminy ny olona hafa, ary tsy hisy teny ho tanteraka ho azy ireo.

Hâchim : vao maika ho ratsy kokoa aza, raha tsy misafidy aho, ka hitrangan'ny fifanolanana sy ny fifamaliana, avy eo hitanao ve ry Majid fa ny tantaran'ireo rehetra manan-tsaina dia nandalo tamin'ny

fametrachana mpandimby ? Moa tsy hitanao rehefa mandeha ny governora na ny lehiben'ny mpitandro filaminana ; na mpitsara na ny ben'ny tanàna, na dia andro vitsy monja aza, dia mametraka olona amin'ny toerany izy, koa nahoana raha mpitondra firenena sy filoham-panjakana ary ny ankoatra azy ireo ?

Raiso ity ohatra tsotra ity : ny vehivavy tompon-trano raha mila hivoaka izy ; na dia ora vitsivitsy aza, dia tsy mamela ny toerany izy, raha tsy mametraka olona amin'ny toerany hitantana ny raharaha an-trano, ary moa ve ny raharaham-panjakana bitika mihoatra amin'ny raharahan-tokantrano ? Tsia !

Noho izany, tsy maintsy aho mametraka olona...

Ary raha tsy mametraka olona amin'ny toerako aho, dia mifanohitra amin'ny saina sy ny lojika izany.

Majid : ary moa ve ny fametrahana'ireo mpaminany na ireo solontenany amin'ny toerany dia manaraka izany fitsipika izany ?

Hâchim : eny, satria ireo mpaminany dia manana fandinihana lalina tokoa, sy fisainana lavitra, ary andraikitra mafonja, mihoatra amin'ireo manan-tsaina rehetra, ary izy ireo dia voatarika amin'ny alalan'ny faminiana ; sy ny tsindrimandry ; noho izany, tsy maintsy izy ireo mametraka olona handimby azy ; fa raha tsy izany ; ny famelana ny vahoaka ho ao anaty korontana, nefa izany dia mifanohitra tanteraka amin'ny saina.

Jawwâd : tena marina ny momba ny fitarihana ara-pinoana dia tsy manan-danja mihoatra amin'ny raharahan'ny fitondram-panjakana, araka ny ohatra nataon'i Hâchim ; ka ny filoham-panjakana dia safidin'ny vahoaka ; mba hahatonga ny fitondram-panjakana ho ara-demokratika marina tokoa, fa raha tsy izany dia ho lasa fitondrana tsy refesimandidy na fitondrana andriana, ka tsy maintsy fidian'ny vahoaka ny mpitarika sy mitondra, koa nahoana i Hâchim no niteny ny tsy maintsy hisafidianana ny Mpaminany irery ihany ?

Sadiq : izany teny avy aminao izany dia lavitra tanteraka, miteraka olana anankiroa izany :

1- Ny fanendren'ny vahoaka ny filoham-panjakana dia fahadisoana

2- Ny mahasamihafan'ny mpitarika (Imamo) sy ny filoham-panjakana !

Jawwâd : inona no anton'ny maharatsy ny fisafidianan'ny vahoaka ny filoham-panjakana, moa ve ny fanjakana ara-demokratika marina, tsy miankina amin'ny fifidianana, izay tsy tanteraka raha tsy amin'ny alalan'ny tãnan'ny vahoaka ? Ary moa ve ny demokrasia tsy mendrika mihoatra ny fanjakana tantanan'ny olon-tokana, sy ny fanjakana andriana izay ahitana ireo saranga manam-boninahitra?

Sadiq : ny maharatsy ny fanjakana mijoro amin'ny alalany fifidianana dia tsy voatanisa, moa ve tsy miankina amin'ny maro an'isa ny fanjakana ara-demokratika ? Ary moa ve ny fahamarinana miaraka amin'ny maro an'isa ? Tsia ! Ny fahamarinana dia

fahamarinana na dia manohitra izany aza ny maro an'isa, ary ny fahadisoana kosa dia fahadisoana na dia manohana izany aza ny maro an'isa.

Ka tsy maintsy manaraka ny mendrika indrindra ny fanjakana marina, fa tsy ny safidin'ny maro an'isa akory.

Avy eo, ny fahadisoana be vava, ataon'ny fanjakana ara-demokratika dia maro amin'ny sokajiny mihoatra amin'ny fanjakan'olon-tokana na fanjakana andriana, ary ampy antsika ny porofo amin'izany : ny Fasista sy ny Nazia, ary ny Sionisma no niteraka ny demokrasia, ary efa nandalo tamin'ny zanak'olombelona ny faharatsiana nentin'izany izay tsy fantatry ny tantara. Eny fa hatramin'ny taon-jato antenantenany izay tao anatin'ny haizina, fa ny taon-jato voalohany tao anatin'ny fahabibiana, izay lazain'izy ireo dia efa very ilay maha olona, 100 tapitrisa no maty, nodorana, nampijaliana, naringana, nandritra ny 50 taona, fanampin'izany ireo faharatsiana sisa hafa.

Moa ve izany no demokrasia, izany no fahamarinana ?
Ary dia toy izany ny fifidianana, marina ve izany ?

Ny fanjakam-bahoaka : ny vahoaka, amin'ny alalan'ny fifidianana dia miseho ny tsy fahombiazany miharihary eo amin'ny sehatra rehetra.

Nahoana ny Mpaminany no hanome vahana ny fanjakana toy izany nefa izy mifandray amin'ny faminiana ?

Jawwâd : ahoana àry ny fanjakana marina amin'ny hevitrao ?

Sâdiq : ny fanjakana marina dia izay mitondra lalàna nifampidinihana marina araka ny fepetra roa :

1- Araka ny fahamarinana

2- Mampihatra ny lalàn'i Allah, satria izany no fitaovana hanatanterahana fa tsy fitaovana hanaovandalàna

Jawwâd : voadiniko ny maharatsy ny fanjakana ara-demokratika, fa inona no mahasamihafa ny filoham-pirenena sy ny mpitarika (Imam) na ny mpitondra (khalifa) ?

Sâdiq : ny mahasamihafa azy ireo dia toy ny mahasamihafa ny lanitra sy tany... !

Ny filoham-pirenena dia olona handrindra anatina fotoana voafetra amina toerana na faritra maromaro.

Ny mpitarika (Imamo) dia mpitondra finoana sy fiainana an-tany, mandritra ny fotoana rehetra sy toerana rehetra, eo am-pelatanany ny fanahy, tahaka ny maha eo am-pelatanany ny ara-materialy, ary izy no mandrindra ny finoana sy ny firenena, ao anatin'ny rindran-damina izay ankasitranan'i Allah sy ny Irany, ary ny fahamarinana sy ny fahamendrehana.

Jawwâd : moa ve tsy vitan'ny vahoaka ny mifidy olona toy izany ?

Sâdiq : tsia ! Ny fisainana sy ny fihetseham-po dia tsy eo am-pelatanan'ny tsirairay fa eo ambany fahalalan'i Allah feno fivelarana ; raha apetraka hoe : nanendry olo-mendrika tokoa ny vahoaka, dia iza no hanome antoka

azy ireo fa hitoetra mandrakariva amin'ny fahamendrehana izy ?

Misy ohatra ho anao ity :

Nisafidy olona fitopolo Moussa (a.s) izay anisan'ny mpaminany lehibe, mba hihaino ny tenin'i Allah Ilay Avo indrindra, tamin'ireo vahoakany, izay maro an'isa (antsasaka tapitrisa)...

Saingy indro izy ireo fa nikomy sy nitsipaka, araka ny voalazan'ny Kor'any !

Moa ve misy zavatra aorian'ny safidin'ny Mpaminany, raha tsy ny safidin'i Allah Ilay Avo indrindra ?

Hammad : iza no mpandimby ny Irak'i Allah (saw) :
Mohammad ?

Ja'afar : ny Irak'i Allah (-saw) dia manana mpandimby roambinifolo, ireto avy izy ireo :

- 1- Ali mpitarika ny mpino (a.s)
- 2- Al Hassan Ibn Ali (a.s)
- 3- Al Houssein Ibn Ali (a.s)
- 4- Ali Ibn Al Houssein (a.s)
- 5- Mohammd Ibn Ali (a.s)
- 6- Ja'afar Ibn Mohammad (a.s)
- 7- Moussa Ibn Ja'afar (a.s)

8- Ali Ibn Moussa (a.s)

9- Mohammad Ibn Ali (a.s)

10- Ali Ibn Mohammad (a.s)

11- Al Hassan Ibn Ali (a.s)

12- Al Houjja Al Mahdi (a.s)

Hammad: iza no nanendry an'i Ali (a.s) ho mpandimby ny Irak'i Allah (saw)?

Ja'afar: ny Irak'i Allah no nanendry azy tamin'ny trangan-javatra rehetra, tamin'ny andron'ny faminaniana hatramin'ny nahafatesany, ary eto dia ataontsika ampy ny andro roa monja:

1- Ny andron'ny fampitandremana:

Niteny (a.s): rehefa nidina ity andininy ity: **“ary hampitandremo ny havanao akaiky”** (Ash shoua'ra 26.214), niantso ahy ny Irak'i Allah (saw), dia niteny izy: havoroy eto amiko ny taranak'i Abdoul Mouttalib mba hiresahiko amin'izy ireo sy hampandrenesako azy ireo izay nandidiana ahy.

Dia nataoko izay nandidiany ahy...

Avy eo dia niresaka ny Irak'i Allah (saw); ka nilaza izy: ry taranak'i Abdoul Mouttalib, tena marina aho, eo anatrehan'i Allah, tsy mahafantatra tanora amin'ny arabo aho, nitondra zavatra mendrika indrindra mihoatra amin'izay nentiko ho anareo: tena marina aho dia nitondra ho anareo ny fahatsaran'ny tany sy ny any an-

koatra, ary efa nandidy ahy Allah Ilay Avo indrindra mba hiantso anareo ho amin'izany.

Ka iza aminareo no hanampy ahy amin'izany raharaha izany, ka ho rahalahiko sy mpandimby ahy ary solontenako aminareo?

Niteny Ali (a.s): dia nangina tsy nisy namaly izany ny olona rehetra!

Dia niteny aho: izaho ry Mpaminanin'i Allah no ho mpanampy anao amin'izany raharaha izany!

Dia nandray ny hatoko izy, avy eo niteny:

“rahalahiko tokoa izy ity, ary solontenako sy mpandimby ahy eo aminareo, ka henoinareo izy, ary hankatoavy” izany fanambarana (hadith) izany dia notaterin'ny ankamaroan'ireo manam-pahaizana.

2- Ny andron'ny Al Ghadir:

“niteny Zaid Ibn Arqam: rehefa nidina teo amin'ny toerana Ghadir Khoum tamin'ny fiverenana avy amin'ny fivahinianana masina fanaovam-beloma, ary tao anatin'ny fotoana fisandratan'ny masoandro, mafana be tokoa, dia nandidy izy ny amin'ny fanamboarana trano fialofana, dia nanatanteraka izany aho; ary dia niantso ho amin'ny vavaka hiraizana izy, ka dia nitambatra izahay.

Dia nitory teny izy, tori-teny mafonja tokoa, avy eo niteny: Allah Ilay Avo indrindra dia nampidina tamiko: **“Ry Iraka! Ampitao izay nampidinina taminao avy amin'ny Tompo Zanaharinao. Fa raha tsy manao izany ianao, dia tsy tafitanao ny Hafany. Ary**

Andriamaniitra no miaro anao amin'ny olona » (Al Ma-idah 5.67).

Ary efa nandidy ahy Jibril avy amin'i Allah: mba hitsangana maneho izao tranga izao, ary mampahalala ny fotsy sy ny mainty rehetra: fa Ali Ibn Abi Tâlib rahalahiko dia solontenako sy mpandimby ary mpitarika aoriako...koa fantaro ry vahoaka:

Noho izany, Allah dia efa nametraka ho anareo lehibe sy mpitarika.

Ary adidy tsy maintsy atao ny fankatoavana azy ho an'ny tsirairay avy...

Fa Allah dia Tomponareo, ary Ali dia mpitarika anareo.

Avy eo, ny fitarihana ara-pinoana dia avy amin'ny zanako, avy amin'ny taranako hatramin'ny andro fitsanganana amin'ny maty...”

Izany filazana izany dia notaterin'ny manam-pahaizana rehetra.

Khalil: inona no ananan'i Ali (as) ny amin'ny toetra takiana amin'ny fitondrana?

Jamil: izy dia manana izay ananan'ny Mpaminany (saw) amin'ireo toetra mendrika, tsy misy mampivavaka azy roa, afa-tsy ny maha mpaminany izay mampivavaka azy, ary ny maha tsy maintsy mpandimby an'i Ali (as): fa izy dia nanana fahalalana nivelatra tokoa, ary faharetana lalina, fahalalam-pomba hentitra, hafanampo ambony, tsy fifikirana amin'ny fiainana an-tany nahatalanjona, fahaiza-miteny tsy misy mitovy aminy, ny haiteny sy ny firesahana, ny toetra tsara sns...

Ho fanampin'izany, izy dia mpitarika ara-pinoana avy amin'i Allah Ilay Avo indrindra, ho an'ny zava-boahary rehetra, ny fandidiany dia toy ny fandidian'i Allah, ary ny fandrany dia toy ny fandraran'i Allah.

Tsy voapentin'ny ota izy, tsy manao izay mifanohitra amin'ny sitrak'i Allah.

Khalil: inona ireo momba azy manokana?

Jamil: ny rainy dia Abou Tâlib.

Ary ny reniny dia Fatima Bint Assad
Teraka tao amin'ny Ka'aba masina, tao Makka Al Moukarrama, tamin'ny 13 rajab, ary izy dia zanaky ny dadatoan'ny Irak'i Allah (saw).

Ary vadin'ny zanany vavy, Fatima AzZahara (a.s)

Nanatrika ny ankamaroan'ireo ady nataon'ny Irak'i Allah (saw), ary dia nitondra fandresena hatrany izy.

Napetraky ny Mpaminany (saw) ho mpandimby azy izy, aoriany, tamin'ny andron'i Ghadir Khoum, taorian'ny nanondroany azy hitondra tamin'ny andro voalohan'ny fampielezana, tahaka ny nandalovan'izany teo aloha.

Nisy ireo ady anaty nifandrimbonana taminy taorian'ny nahafatesan'ny Mpaminany (saw):

1- Niaraka tamin'i Aicha sy Talha ary Zoubair tamin'ny andron'ny Al Jamal.

2- Niaraka tamin'i Moua'wiya sy ireo mpanaraka azy tamin'ny andron'ny Siffine.

3- Niaraka tamin'ny Al Khawârij tamin'ny andron'ny Naharawân.

Ary nandresy hatrany izy tao anatin'ireo ady ireo.

Niteraka zanaka izy: ny dimy tamin'izy ireo dia avy amin'i Fatima zanakavavin'ny Irak'i Allah (saw), ireto avy izy ireo:

1- Ny Imamo Al Hassan (a.s)

2- Ny Imamo Al Houssein (a.s)

3- Assaeyd Al Mouhsine, novonoina raha mbola tany ambohoka.

4- Assaida Zainabo (a.s)

5- Assaida Oummo Koulthoum

Novonoin'i Ibn Mouljim izy, tao amin'ny masjidoul Koufa; nivavaka maraina izy tamin'izany.

Ary nalevina tao Najaf izay misy ny fasany amin'izao fotoana izao.

Ahmad: iza no nanendry ireo mpitarika ara-pinoana (Imamo) taorian'ny Mpitarika ny mpino (a.s)?

Hâdi: Allah sy ny Irany no nanendry azy ireo ary ny Imamo teo aloha, ary ny Mpaminany dia efa nanambara niharihary ny anaran'izy ireo, tahaka ny nilazan'ny Imamo miharihary eo aloha ny Imamo ato afara.

Ka ny mpitarika ny mpino (a.s) dia nanendry: ny Imamo Al Hassan Ibn Ali AzZaki (a;s)

Ary Al Hassan (a.s) no nanendry ny Imamo Al Houssein Ibn Ali Ilay maritiora (a.s)

Al Houssein (a.s) no nanendry ny Imamo Zainoul Abidine Ali Ibn Al Houssein (a.s)

Ali (a.s) no nanendry ny Imamo Al Bâqir Mohammad Ibn Ali (a.s)

Mohammad (a.s) no nanendry ny Imamo As Sâdiq Ja'afar Ibn Mohammad (a.s)

Ja'afar (a.s) no nanendry ny Imamo Al Kâzim Moussa Ibn Ja'afar (a.s)

Moussa (a.s) no nanendry ny Imamo ArReza Ali Ibn Moussa (a.s)

Ali (a.s) no nanendry ny Imamo Al Jawwâd Mohammad Ibn Ali Attaqui (a.s)

Mohammad (a.s) no nanendry ny Imamo Al Hâdi Ali Ibn Mohammad Attaqui (a.s)

Mohammad (a.s) no nanendry ny Imamo Al Askari Al Hassan Ibn Ali (a.s)

Ary Al Hassan (a.s) no nanendry ny Imamo Al Mahdi Mohammad Ibn Al Hassan (a.s)

Ahmad: aiza no misy ny fasan'ireo mpitarika ara-pinoana ireo?

Hâdi: ny fasan'ny Imamo mpitarika ny mpino (a.s) dia ao Najaf Al A'ala

Ny fasan'ny Imamo Al Hassan (a.s) dia ao Al Madina Al Mounawwara, izay nandevenana ny raibeny ny Irak'i Allah (saw)

Ny fasan'ny Imamo Al Houssein (a.s) ao Karbala

Ny fasan'ny Imamo Ali Ibn Al Houssein (a.s) dia ao Al Madina Al Mounawwara

Ny fasan'ny Imamo Al Bâqir (a.s) dia ao Al Madina Al Mounawwara

Ny fasan'ny Imamo As Sâdiq (a.s) dia ao Al Madina Al Mounawwara, ary ireo Imamo telo ireo dia miaraka amin'ny dadatoany Al Hassan (a.s) ao amin'ny toerana tokana ao amin'ny Al Baqui, ary efa noravan'ireo mpanjanatany ny fasan'izy ireo tamin'ny alalan'ireo Al Wahhâbine

Ny fasan'ny Imamo Al Kâzim (a.s) dia ao Al Kâzimiya.

Ny fasan'ny Imamo ArReza (a.s) dia ao Khourassâne.

Ny fasan'ny Imamo Al Jawwâd (a.s) dia ao Al Kâzimiya eo amin'ny raibeny Al Kâzim (a.s)

Ny fasan'ny Imamo Al Hâdi (a.s) ao Samâra.

Ny fasan'ny Imamo Al Askari (a.s) dia ao Samâra eo amin'ny fasan'ny rainy Al Hâdi.

Ahmad: ary aiza ny fasan'ny Imamo Al Mahdi?

Hâdi: tena marina ny Imamo Al Mahdi (a.s) dia velona eto an-tany, manjavona izy tsy hitan'ny maso, amin'ny alalan'ny baikon'i Allah Ilay Avo indrindra, ary hiseho izy amin'ny andro farany, ka hameno fahamarinana sy rariny ny tany taorian'ny nahafeno tsy rariny sy faharatsiana azy, ary efa nampanantena izany ho an'ny

mpino silamo Allah. Niteny Allah Ilay Avo indrindra: “**24.55 - Nampanantena ireo mpino aminareo, sy ireo nanao asa soa Andriamanitra, fa homeny azy ireo ny fifandimbiasana, ety ambonin’ny tany, tahaka ny nanomezany izany ireo talohan’izy ireo. Homeny hery sy fahamboniana ny finoan’izy ireo, izay ankasitrahany ho azy ireo. Ovainy ho fandriampahalemana ny tahotr’izy ireo taloha. Manompo Ahy izy ireo, ary tsy mampitambatra Ahy, na amin’inona na amin’inona”** (An noor 24.55)

Bâqir: ireo Imamo izay voalaza teo dia tsy namorina herinaratra na radara na fiaramanidina, ka inona no mampiavana azy ireo? Ary inona no fanampiana nataon’izy ireo ny fiaraha-monina?

Ali: tena marina ny fiaraha-monina dia tsy hilamina raha tsy misy lalàna marina, ary rindran-damina miantoka ny fahasambaran’ny olombelona, ary fitsipidalàna mipetraka hanandratra ny fanahy sy hanabe ny vatana, ary izany rindran-damina sy lalàna izany no nofaritan’ireo mpaminany sy ny Imamo amin’ny alalan’ny faminiana avy amin’i Allah Ilay Avo indrindra , sy fanoroany, ary fanampin’izany ny famaritana Ilay Mpahary ho an’ny olombelona sy ny fitarihana ny fisainan’izy ireo ho amin’ny fiandohana sy ny fiafarana

Ary ireo tranga ireo no manan-danja kokoa noho ny famoronana sy ny fahitana ny atôma ary ny herinaratra.

Fa ny fandrefesana ny fandrosoana dia tsy amin’ireo zavara ireo, fa raha tsy izany dia ny mpanao tsy refesimandidy mpisetrasetra izay mamono sy nampandositra olona amin’arivony, ary namotika maro tamin’ireo zavatra noforonina, dia mendrika lavitra

mihoatra amin'ny olon-tsotra iray izay mameno famindrampo ny fony, ary fangorahana..!

Raha toa isika mandrefy ny fikarakarana entin'ny herinaratra ho an'ny zanak'olombelona mihoatra amin'ny fikarakarana entin'izay mametraka lalàna mendrika ho an'ny olombelona dia hahita isika fa misy fahasamihafana lehibe, ary ireo fikarakarana entin'ny herinaratra dia tsy misy afa-tsy toy ny rano indray mitete mihoatra amin'ny ranomasina izay mitovy amin'ny fikarakarana entin'ny rindran-damina marina.

Moa ve ny ady lehibe voalohany sy faharoa ary ny tolona nitohy izay tsy nitsahatra teo amin'ny taona 1900 sy 1959 tsy teo ambany haloky ny famoronanjavatra maro? Tena marina izany tsy nahasoana rehefa tsy nisy fitarihana avy any an-danitra, sy ny torolalan'ireo mpitarika ara-pinoana sy ireo mpaminany!

Fa reo mpitarika ara-pinoana sy ireo mpaminany dia manana fahasoavana lehibe eo amin'izay lafiny izay, lafiny manan-danja izay mananome fahasambarana ny olombelona, fa ny tsy fisiany dia famaizana, eny fa na dia manaloka azy aza ny atôma sy ny volana namboarina.

Avy eo, moa ve ny tandrefana izay nifoha tamin'ny torimasony tsy naka ny fahazavan'ny fahalalana avy any atsinanana tamin'ny andron'ireo mpaminany sy ny mpitarika ara-pinoana?

Ary moa ve tsy Jabir Ibn Hayan sy ny ezak'i Jabir izay anisan'ny mpianatry ny Islamo no nahita voalohany ny famoronana sy ny fanokafana, tamin'ny alalan'ny tari-dalàn'ireo mpitarika ara-pinoana?

Charif: inona ireo toetra miharihary izay misy amin'ny mpitarika ara-pinoana?

Moustafa: ireo toetra miharihary misy amin'ireo mpitarika ara-pinoana:

- 1- Tsy voampentin'ny ota
- 2- Ny fahalalana
- 3- Mahery fo
- 4- Ny fahalalahan-tanana
- 5- Ny fahadiovam-pahaterahana
- 6- Ny fananam-paharetana
- 7- Ny fahatsaram-pitondrantena
- 8- Ny fahaiza-mamela
- 9- Ny fahaiza-miteny
- 10- Ny fahamendrehana tanteraka amin'ny zava-boahary rehetra.

Charif: inona no tsy maintsy atao'ny tsirairay manoloana ny mpitarika ara-pinoana?

Moustafa: tsy maintsy mankato azy izy, amin'ny bitika sy ny lehibe indrindra, ary manome voninahitra azy, manaiky fa izy dia voafidy avy amin'i Allah. Ary anisan'ny fanajana tsy maintsy atao sy tandrovana manoloana ny Imam (a.s):

Ny famangiany ny fasany aorian'ny nahafatesany, ary manangana toeram-pahatsiarovana azy, ka izany dia toy ny moske (masjid); ary Allah Ilay Avo indrindra dia efa niteny: **“Ireo mahazo mikarakara na manorina ireo trano fiankohofana amin'Andrimanitra, dia tsy misy**

afa-tsy ireo izay mino an'Andriamanitra sy ny andro farany” (At taouba 9.18); ary ireo mpaminany dia torak'izany amin'izay lafiny izay.

Mohammad: moa ve fantatrao ry rahalahiko (Hassan); inona ireo andininy misy momba ny mpitarika ny mpino sy ireo taranany feno fahadiovana?

Hassan: ireo andininy misy miresaka azy ireo (a.s) dia na miresaka an'i Ali (a.s) manokana, na ireo mpitarika ara-pinoana (a.s) rehetra, dia maro tokoa, saingy hilaza ampahany amin'izany isika, araka izay voalazan'ireo manam-pahaizan'ny finoana Islamo:

1- “Eny, tsy misy sakaiza mpiahy anareo afa-tsy Andriamanitra, sy ilay Irany, ary ireo izay mino, manatanteraka ny vavaka fanompoana (soalat), manome ny harena fiantrana (zakat) eo ampihondrehana » (Al Ma-idah 5.55)

2- “Fa ianareo mpino! Matahora an'Andriamanitra ianareo, ary miaraha amin'ireo olo-marina » (At taouba 9.119).

3- “ Nisy mpanontany iray nanontany ny famaizana hihatra amin'ireo tsy mpino, izay tsy azon'iza na iza ho toherina” (Al Ma'arij 70.1-2)

Nidina izany andininy izany rehefa nilaza teny fanoherana ny fitondran'i Ali (as) i Harith Ibn Nou'mân: Tompo ô, raha toa marina izay lazain'i Mohammad dia alatsaho aminay ny vato avy any an-danitra, na ento aminay ny famaizana mamirifiry, dia natsipin'i Allah taminy ny vato, dia latsaka teo an-dohany izany ka nahafaty azy.

4- **“Fa ankehitriny, dia nataoko ho lavorary ny finoanareo, ary notanterahiko teo aminareo ny fahasoavako. Ary ankasitrahako ho finoanareo ny finoana Islamo »** (Al Ma-idah 5.3) nidina izany andininy izany taorian’ny nametrahana an’i Ali (a.s) tamin’ny toeram-boninahitra tamin’ny andron’ny Al Ghadir.

5-**“Ry Iraka! Ampitao izay nampidinina taminao avy amin’ny Tompo Zanaharinao. Fa raha tsy manao izany ianao, dia tsy tafitanao ny Hafany. Ary Andriamaniitra no miaro anao amin’ny olona »** (Al Ma-idah 5.67). nidina tamin’ny fametrahana an’i Ali (a.s) ho mpandimby ny Mpaminany (saw).

6- **“Fa izay tonga miaraka amin’ny fahamarinana kosa, sy izay manamafy izany, dia izy ireny no manam-pahatahorana”** (Az-zoumar39.33)

7- **“Ireo izay nino an’Andriamanitra sy ireo Irany, dia izy ireny no tena olo-marina”** (Al Hadid 57.19)

8- **“Mianiana amin’ny kintana izay efa hilentika Aho! Fa tsy diso lalana ny namanareo, ary tsy tafiditra anaty Fahadisoana »** (An nadjm 53.1-2) nidina tamin’i Ali (a.s) rehefa nilentika ny kintana, tsy hitan’ny maso tao an-tranony.

9- **“Moa va tsy izay miorina amin’ny porofo mazava (ny Kor’any) avy amin’ny Tompony, sy novakian’ny vavolombelona anankiray (Anjely Gabriela) avy Aminy...(no tsara kokoa sa izay tsy miorina amin’ny porofo mazava?”** (Houd 11.17), ka “izay miorina amin’ny porofo mazava avy amin’ny Tompony” dia ny Irak’i Allah (saw), ary “ny vavolombelona” dia Ali (a.s)

10- **“Ny hanala ny fahalotoana aminareo no tadiavin’Andriamanitra, ry fianakavian’ny**

Mpaminany, ary ny hanadio anareo tanteraka” (Al Ahzab 33.33); nidina tamin’ny Irak’i Allah (saw), Ali, Fatima ary Al Hassan sy Al Houssein (a.s).

11- **“Mpampitandrina ihany ianao, fa ny vahoaka tsirairay dia misy mpitari-dàlana”** (Ar ra’ad 13.7) ka ny mpampitandrina dia ny Irak’i Allah (saw) ary ny mpitari-dàlana dia Ali (a.s).

12- **“Fa izay mbola mifanditra aminao ny amin’izany, taorian’ny nahatongavan’ilay fanambarana teo aminao, dia lazao azy ireny hoe: “Avia ianareo, izahay hitondra ny zanakay ary ianareo hitondra ny zanakareo, ny vehivavinay, ary ny vehivavinareo, ny tenanay sy ny tenanareo”** (Al Imaran 3.61), ka ny zanaka dia Al Hassan sy Al Houssein (a.s), ny vehivavy dia Fatima (a.s), ny tena dia ny mpitarika ny mpino (a.s)

13- **“Fa ireo nino sy nanao asa soa kosa, dia izy ireo no mendrika indrindra amin’ny zava-boahary”** (Al Bayina 98.07)

14- **“- Ary mamikira avokoa ianareo amin’ilay tadin’Andriamanitra, fa aza misaratsaraka** (Al Imran 3.103) ka ny tadin’Andriamanitra dia ireo fianakavian’ny Mpaminany (Ahloul bayt).

15- **“Tsy mangataka tambiny aminareo amin’izany aho, afa-tsy ny fitiavana ireo havana akaiky”** (Ash shoura 42.23)

16- **“Ary misy amin’ny olombelona no mahafoy ny ainy mba ho fikatsahana ny hafalian’Andriamanitra”** (Al baqara 2.207)

17- **“Moa va tsy nisy ampaham-potoana, nandalo tamin’ny olombelona izay mbola tsy nisian’izy ireo akory?..hatramin’ny farany”** (Al Insân 76.1-31)

18- **“Izy no efa nanohana anao tamin’ny Famonjany, sy tamin’ny alalan’ireo mpino “** (Al anfal 8.62).

19- **“13- “Fa ireo nino sy nanao asa soa kosa, dia izy ireo no mendrika indrindra amin’ny zava-boahary”** (Al Bayina 98.07)

20- **“Fa raha mifanampy hanohitra ny Mpaminany kosa ianareo, dia Andriamanitra no Mpiahy azy, sy I Gabriely, ary ireo mendrika amin’ireo mpino”** (attahrim 66.4)

Saleh: nahoana no roambinifolo no isan’ireo mpitarika ara-pinoana (Imamo)?

Ahmad: toy ny isan’ireo fokon’ny Bani Israil; araka izay voalaza ao amin’ny Kor’any ny fampatsiahivana azy ireo, izany dia satria ilain’ny olona amin’ny fitsanganana amin’ny maty, ho ohatra fakan-tahaka, sy ny fanazava ny fitsipi-dalàna izay tsy notsiahivin’ny Irak’i Allah (saw) noho ny haterin’ny sehatra nisy azy, ary izany no isa ampy ho amin’izany, roambinifolo.

Ahoana no hahafantaranao ny fitsanganana amin'ny maty?

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay be famindram-po, Ilay be indrafo.

“Ry olombelona! Raha misalasala mikasika ny fitsanganana ianareo, dia fantaro fa Izahay no Nahary anareo tamin'ny vovoka, avy eo, tamin'ny tsirinaina indray mitete, avy eo, tamin'ny vaingandra, ary avy eo, tamin'ny vainga-nofo...ary hitanao karakaina ny tany, nefa raha vao handatsahanay rano, dia mihetsika sy mibontsina, ary mampitsiry karazan-javamaniry tsara mpivady” (Al Hajj 22.5)

Izany dia satria fahamarinana Allah, ary mamelona ny maty Izy, mahefa ny zava-drehetra Izy.

“Fa ho avy tokoa ilay Ora, tsy misy isalasalana ny amin'izany, ary Andriamanitra dia ampitsangana amin'ny maty, izay rehetra any am-pasana” (Al Hajj 22.7)

Ary tena marina aho reraka tanteraka tokoa noho ianao, ary ny namanao hafa tsy naheno izany lohahevitra izany, sady tsy mba niteny mihitsy izy na dia iray aza, ka moa ve hahazo valiny izy tahaka ny hamaliana ahy ihany koa?

Habib: tsia! Ry namako, Houssein, ny tsirairay aminareo dia hovaliana araka ny harerahany fa raha tsy izany mifanohitra amin'ny fahamarinana!

Moa ve tsy hitanao fa ny injeniera isan'andro dia homena dinary, ary ny mpiasa tsotra dia ampahefatra

dinary, ary ny mpamafa làlana dia mandray ambanin'izany, ary izay tsy miasa dia tsy mahazo n'inon'inona, izay manao ratsy dia valiana ratsy ihany koa?

Izany no fitsipiky ny fahamarinana; ary n'iza n'iza mivoana amin'ny fahamarinana dia manjary mitovy amin'ny biby.

Ary dia mifototra amin'izany ny famalian'i Allah ny tsirairay sy ny vondron'olona, noho izany dia niteny lzy ao amin'ny Kor'any: **“Raha manao ny tsara ianareo, dia amin'ny tenanareo ihany no anaovanareo izany, ary raha manao ny ratsy ianareo, dia mbola ho aminareo ihany izany”** (Al Isra 17.7)

Houssein: ahoana no hamalian'i Allah ny olombelona araka ny fepetra nolazainao? Moa ve tsy hitantsika ireo olo-mendrika izay ao anatin'ny fiainana sarotra tokoa, nefa mahita koa isika etsy an-daniny olon-dratsy izay miaina amin'ny fiainana tsara sy anjaram-pivelomana sesehena?

Habib: Allah Ilay Avo indrindra dia manana toerana hafa antsoina hoe “any an-koatra” ; any no hamaliana fahasoavana ny mpanao soa, ary hamaizana ny mpanao ratsy ny fanasaziana.

Houssein: ary rahoviana no handehanan'ny olona amin'izany toerana any an-koatra izany?

Habib: mandeha amin'izany izy aorian'ny fahafatesany.

Houssein: ny olombelona rehefa maty dia foana, ka ahoana no handehanan'ny amin'izany toerana hafa izany?

Habib: ny olombelona rehefa maty dia tsy manjavona akory fa mitoetra velona ihany, amin'ny fahavelomana

hafa indray tsy mitovy amin'ny fahavelomana ety antany, ary any dia hovoasazy na hahazo fahasoavana.

Houssein: mahagaga izany teninao izany? Isika dia mahita ny olombelona maty, tsy misy fisainana intsony ary tsy mahatsapa, tsy mandre, ka ahoana no hilazanao fa velona izy amin'ny fahavelomana any an-koatra?

Habib: ry Houssein sakaizako, ny olona dia manana singa roa: ny fanahy sy ny vatana, ary ny tsirairay amin'izy ireo dia samy mahazo fahafinaretana sy fanaintainana, ohatra: ny fahafinaretan'ny fanahy dia ny fahalalana, ny famoronana, ary ny fanaintainan'ny fanahy kosa dia ny fanambaniana, ny habadoana. Ny fahafinaretan'ny vatana indray dia ny fitazanana ny zaridaina, ny fihinanana zavatra matsiro, ary ny fanaintainany kosa dia ny kapoka, ny fangirifiriana..

Moa tsy hitanao ny olombelona anatin'ny torimaso: izy dia mahita sy maheno ary mandeha sy tonga. Nefa amin'izany izy dia matory, izany dia amin'ny alalan'ny fanahiny, na dia amin'izany toerana izany aza ny vatany?

Dia torak'izany, rehefa maty ny olombelona, dia toy ny olombelona matory ny toetrany, tsy mahita ny vatany izy, ary tsy mahatsapa ny vatany amin'ny fahatsapana ety ambonin'ny tany, saingy ny fanahiny kosa dia mahita sy mahatsapa..

Houssein: miangavy anao aho, mba hanazava ny teninao misimisy kokoa...

Habib: tena marina isika dia manana fanahy sy vatana, ary fasana sy fitsanganana.

1- fa rehefa maty ny olona, dia mivoaka amin'ny vatany ny fanahiny, toy ny matory, saingy ny

mahasamihafa azy dia mbola mitoetra ao amin'ny vatan'ny matory ny fanahiny, fa ny maty kosa dia tsy misy n'inon'inona mijanona amin'ny fanahiny intsony.

2- Ary rehefa mivoaka ny vatana ny fanahy dia sambatra ny fanahiny, ary sambatra ihany koa ny vatany, raha toa ka mpanao soa mpankato an'i Allah sy ny Irany ilay olona, fa raha toa kosa ilay olona ka mpanao ratsy mpikomy amin'i Allah sy ny irany dia iharan'ny famaizana ny fanahiny ary torak'izany koa ny vatany.

Houssein: fa ny fanahy dia tsy hitantsika izy, moa ve iharan'ny famaizana sa hahazo valisoa? Tsy miresaka azy isika ankehitriny fa mbola hiresaka ny aminy.

Fa ny resaka dia mahita ny vatana isika, eo ampelatanantsika, voatsapantsika, fa tsy mahita hafanana ao anatiny isika, raha toa anisan'ny mpihoa-pefy sy tsy refesimandidy, ary tsy mahita tara-pahasoavana ihany koa isika, raha toa olona tia fanompoana.

Ka ahoana hahatokisana fa voasazy ny vatana na mahazo fahasoavana?

Habib: tsy ny zava-drehetra akory dia hiditra eo ambany fahatsapantsika avokoa, isika izao mahita olona matory saingy tsy mahatsapa n'inona n'inona aminy, avy eo izy rehefa aorian'ny fifohazany dia milaza amintsika fa tany an-jaridaina mahafinaritra niaraka tamin'ireo namana, tao anatin'ny fiainana feno tanteraka, na milaza amintsika fa nigadra izy ary nikapoka azy ireo mpigadra ary nampitahorin'izy ireo izy fa ho fantsihana..

Avy eo, moa ve ny vato tsy tsapanao ny hafanana ao anatiny, ka rehefa mifampikasoka ireo vato dia miseho ny afo, izay voatahiry ao anatiny, dia torak'izany koa ny solika sy ny mitovy aminy afaka mirehitra, mafana izy na

dia tsy miseho amintsika aza ny hafanany, saingy ny fahalalana efa mivoatra ankehitriny dia milaza ny maha voatahiry ny afo sesehena izay miseho rehefa mifandona na ampirehetina?

Ka torak'izany koa ny vatan'ny olombelona.

Houssein: marina ny anao, nipetraka ho olana tokoa izany lohahevitra izany tao an-tsaiko, saingy ankehitriny dia voavaha izany noho ny fanampiana..fa misy fanontaniana hafa tavela?

Habib: inona izany?

Houssein: inona no porofo amin'ny fipetrahan'ny fanahy?

Habib: maro ny porofo amin'izany, saingy ny akaiky indrindra amin'ny saina: ny fiatrehan'ny mpanelanelana ny fanahin'ny maty dia miresaka amin'izy ireo izy.

Ary izany moa dia mielipatrana manerana ny firenena efa mandroso, ary raha sitrakao ny antsipirihany dia miverena ianao amin'ny boky milaza ny antsipirihany manokana, ny amin'izany lohahevitra, ary ny tadidiko ny amin'izany dia ny boky "Alâ Hâfatil Al Alâm Al Athiri" fa io boky io dia manazava izany lalina tokoa.

Houssein: ary inona ny fitsanganana amin'ny maty?

Habib: fantaro ry Houssein, fa ny olombelona rehefa maty dia amin'ny tontolo antsoina hoe: "Al Barzakh" mahazo fahasoavana na iharan'ny fanasaziana, ary any hatrany izy mandra-panomezan'i Allah alalana ny amin'ny hahafatesan'ny manan'aina rehetra, ary aorian'izany fotoana voafetra izany dia velomin'i Allah indray ireo maty, ka havoriny amin'ny toerana tokana, antsoina hoe: toeram-piangonana (Al Mahchar) sy

fitsanganana (Al Qiyamat) hanomezana izay nino sy nanao asa soa valisoa mandrakizay, sy fahasoavana tsy manam-petra, fa izay nikomy sy nanao asa ratsy kosa dia hahazo fanasaziana mamirifiry, ary izany no antsoina hoe: fitsanganana amin'ny maty (Al Ma'ad): foto-pinoana fahadimy.

Fâiz: tena marina rahalahy Habib dia nampatsiahy tamin'ny famelabelarany fa ny olombelona dia miverina aorian'ny fahafatesany ka moa ve fantatrao ry Najih ahoana ny fiverenany? Ary moa ve izany mety mitombona sa tsy tanteraka n'oviana n'oviana?

Najih: ny fiverenan'ny olona dia toy izao endriny ahitantsika azy izao, eto ambonin'ny tany.

Ary ny fiverenan'izany endrika izany dia trangan-javatra mitombona tokoa, ary mora tanteraka, raha apetratsika fa maty ny olona iray dia misaraka ireo singa ao aminy, ka moa ve ireo singa ireo hanjavona ihany koa? Tsia, tsy manjavona izy ireo, fa hiova ny endriny, ohatra: miova ho vovoka ny volo.

Avy eo Allah manangona ireo singa ireo ary manome azy amin'ny endrika fanindroany indray toy ny tany amboalohany, ary dia harafiny toy ny nahariany azy, ka ampidiriny ao aminy ilay fanahy voalohany..

Dia lasa olombelona tomombana..!

Miteny ny Kor'any masina ny amin'izany tranga izany: **“Nanao fanoharana iray Taminay izy, saingy hadinony ny nahariana azy; hoy izy: “Iza no hanome aina indray ireo taolana rehefa lasa vovoka?” Lazao hoe: “Ilay Nahary azy ireo tamin'ny voalohany, no hanome azy ireo aina indray. ..” (Ya Sin 36.78-79)**

Tena marina ny tsy fahafahana mamerina dia tsy mitombona raha tsy noho ny iray amin'ireto antony roa ireto:

1- Tsy fisian'ny fahalalana ny amin'ireo singa misaratsaraka.

2- Tsy fisian'ny fahefana amin'ny fanambarana azy ireo sy ny famerenana ny endriny tany amboalohany indray.

Ary Allah araka izay novakiantsika tamin'ny lohahevitra teo aloha dia mahalala ny zava-drehetra lzy, ary mahefa amin'ny zava-drehetra.

Ary efa namaky ihany koa isika ireo andininy masina ka nampiarahantsika fanazavana voafintina:

“Ry olombelona! Raha misalasala mikasika ny fitsanganana ianareo..” ka nahoana izany? Moa ve tsy afaka ny hamerina Allah? Nefa ny fananganana amin'ny maty dia mora lavitra mihoatra amin'ny fiandohana, ary efa noharianay ianareo tany amboalohany, ary izany dia sarotra teo imasonareo, **“fantaro fa izahay no Nahary anareo tamin'ny vovoka”** ary vovoka ianareo taloha, dia nampidina rano izahay ka lasa zava-maniry; ary hohanin'ireo biby, dia lasa nofo, avy eo dia nihinana hena sy zava-maniry avy amin'izany ny razambenareo, ka dia nohariana ianareo tamin'ny endrika nanao ambaratonga: avy amin'ny tany, **“avy eo, tamin'ny tsirinaina indray mitete, avy eo, tamin'ny vaingan-drà, ary avy eo, tamin'ny vainga-nofo”**, moa ve izany ambaratom-piainana izany manahirana sy sarotra amin'ny fisainanareo, sa ny famerenana ireo singa ireo? Tena marina ny famerenana dia mora lavitra amin'ny fisainanareo!

Ary raha tsy mino izany ianareo, dia hanao fanoharana ho anareo izahay: **“ary hitanao karakaina ny tany”** tsy mihetsika, mangina, feno vovoka tsy misy fahatsapana na hetsika, tsy misy haingony sy fahatsarana **“, nefa raha vao handatsahanay rano, dia mihetsika sy mibontsina, ary mampitsiry karazan-javamaniry tsara mpivady » .**

Moa ve izay afaka mamelona ny tany tsy afaka mamelona anareo aorian'ny fahafatesana?

Izany, araka ny voalazantsika, fa Allah dia afaka mamerina indray, “satria Allah dia fahamarinana” fa tsy toy ny Andriamanitra diso, tsy mahavita mahary lalitra akory, na dia mitambatra aza izy ireo, “fa Izy dia mahefa ny zavatra rehetra”; afaka manambatra ny atôma rehetra miparitaka, ary afaka manao izany ho olombelona indray, afaka ihany koa ny mamelona azy tahaka ny teo aloha.

“Ary ilay ora” vofaritra amin'ny fampisiana ireo maty sy fananganana azy indray, **“Fa ho avy tokoa ilay Ora, tsy misy isalasalana ny amin'izany, ary Andriamanitra dia ampitsangana amin'ny maty, izay rehetra any am-pasana”**

Ismail nilaza ny namako Najih filazana manodidina ny famelomana ny maty, ka moa ve mahafantatra ianao ry Ja'afar ny fomba hahatanterahan'izany: izany hoe ny antsipirihan'ny fitsanganana?

Ja'afar: ny antsipirihan'ny fitsanganana dia maro. Satria izany dia fitsarana goavana amin'ny ankapobeny, ka ny mpitsara amin'izany dia Allah ary hisolontena Azy ireo mpaminany sy ireo mpitarika ara-pinoana, ireo

manam-pahaizana, ny Anjely sy ireo maty maritiora, anatin'ny fitsarana sasany izay hitranga any!

Ary ny hotsaraina amin'izany na ireo iharan'ny fitsarana: dia ireo zava-boahary rehetra, avy amin'ny taranak'i Adama (a.s) mandra-pahafoana ny tany amin'ny lehilahy sy vehivavy, ny lehibe sy ny kely, ny mitondra sy ny hoentina, ny manam-boninahitra sy ny ambany, ny manan-karena sy ny mahantra, ...! Tsy izany ihany fa ny hafa ihany koa! Fa hatsangana ihany koa ny biby sy ny djiny.

Ary ny rakitra jerena amin'izany dia: ny asan'ireo zava-boahary amin'ny an-tsipirihany, izay nojeren'ny maso, izay nohenoin'ny sofina, ny fihetsiky ny lela, eny fa na dia ny fitempon'ny fo aza sy ny fitsofana lavenona!

Ary ny faharetany dia “dimy alina taona araka ny fanisanareo”

Ary ny valisoa ho an'ny mpanao soa dia ny paradisa, fa ny an'ny mpanao ratsy kosa dia ny afobe.

Izany dia fitsarana mahatalanjona tokoa! Tena mahatalanjona!

Ka ahoana no ahafahana milaza ny antsipirihany?

Ismail: miangavy anao aho mba hilaza amiko ny sasany amin'ny antsipirihany!

Ja'afar: havory avokoa ny zava-boahary rehetra amin'ny andron'ny fitsanganana, amin'ny tany marindrano tsy misy ahitana lesoka na dongona, ary dia apetraka ny mizana, ho amin'ny fitsarana, ary tonga tsirairay ny olona miaraka amin'ny mpitondra azy, sy vavolombelona, hiharihary ny bokin'ny asa ka homeny ny tsirairay avy ny bokiny, ary dia mitahiry amin'ny

antsipirihany manontolo sy feno ny asa, dia hiteny ny olona rehefa mijery ao anatiny: **“Lozanay! Misy inona àry ity boky ity, no tsy mamela ny filazana, na ny fahotana madinika izany, na ny fahotana lehibe, fa dia isainy avokoa?”** (Al Kahf 18.49)

Ary ho tonga ny mpitarika tsirairay miaraka amin’ny mpanaraka azy, na sambatra na mijaly

Ary dia homena ny mpitarika ny mpino (a.s) ny fanevan’ny voninahitra, ka mitangorona manodidina izany ny mpino.

Ary any dia hisy loharano lehibe, antsoina hoe: “Al Kaouthar” hisotro amin’izany ny mpino fa ho voarara kosa ireo tsy mpino, sy ny olon’ny faharatsiana, amin’ny fisotroana izany.

Ary Allah dia manome ireo Mpaminany sy mpitarika ara-pinoana fahazoan-dàlana manelanelana, ho an’ireo mpanota sasany, mahazo alalana ihany koa ireo olomendrika sy manam-pahaizana ary maritiora.

Ka hitsara ireo zava-boahary Allah voalohany indrindra

Avy eo, hitsara azy ireo ny mpaminany sy ny mpitarika ny mpino ary ny Anjely.

Ka izay maro ny asa soany dia fiarahabana ho azy tamin’izay andro efa lasa teo aloha, ary izay maro kosa ny asa ratsiny dia ho azy ireo ny famaizana mangirifiry

Avy eo, dia apetraka ny tetezena manelanelana ny toeram-pivoriana sy ny paradisa, antsoina hoe: “Assirat”, ary izany tetezena izany dia eo ambonin’ny afobe.

Ka izay mpino teny ambonin’ny tany ary nankato an’i Allah dia hiditra paradisa, hitoetra ao mandrakizay, fa

izay tsy mpino teny ambonin'ny tany kosa, na nitsipika ary tsy nahazo fanelanelanana dia loza ho azy, hiditra afobe izy.

Imâd: inona ny paradisa? Ary inona ny afobe? Moa ve fantatrao izy ireo ry rahalahy Kâzim?

Kâzim: tena marina ny endriky ny paradisa sy ny afobe dia ivelan'ny fahatakarany zanak'olombelona, saingy ezahiko ny mitanisa ireo sasany amin'ny andianteny masina ao amin'ny Kor'any, izay nidina mikasika izany lohahevitra izany:

Ho an'ny paradisa

“ Ho an'ireo izay votompinoana tia vavaka, dia hiandry azy ireny eo anatrehan'ny Tompo Zanahariny ny Paradisa, izay ikorianan'ireo renirano soa maro samihafa, hitoetra ao mandrakizay izy ireo, etsy andaniny izany koa ireo andefimandry, kanto, voadio, ary mbola hahazo fankasitrahana sy tso-drano avy amin'Andriamanitra izy ireo” (Al Imran 3.15)

“fa ireo manam-pahatahorana kosa, dia ho ao amin'ny zaridaina misy loharano, midira amimpiadanana sy amim-pilaminana ao ianareo, ary hofongorinay ao ampon'izy ireo ny lolompo rehetra, fa hahatsapa ho tena mpirahalaha izy ireo, izay mifanatrika eo ambonin'ireo farafara, tsy hisy havizanana na kely aza hahazo azy ireo ao. Ary tsy havoaka tao izy ireo” (Al Hidjr 15.45-48)

“izy ireny no hahazo ny fanomezana efa fantatra:

ireo voankazo isan-karazany; ary dia homemboninahitra izy ireo, ao amin'ny zaridainam-pahasambarana, ambonin'ireo fandriana mifanatrika. Hampitampitaina amin'izy ireo ny kapoaka feno rano avy amin'ny loharano, fotsy, matsiro ho an'ireo mpisotro. Tsy hanimba saina izany, ary tsy hahamamo azy ireo. Ary hisy vehivavy tsara tarehy baribarimaso, madio fijery, eo anilan'izy ireo, tahaka ny vakana (perla) voatahiry tsara izy ireo » (Assafat 37.41-49).

“Fa ireo izay natahotra ny Tompony kosa, dia ho any amin'ny rihan'ny Paradisa izay misy rihana hafa ao amboniny, ary renirano mikoriana ao ambaniny”
(Az zoumar 39.20)

“fa hisy izay rehetra irin'ny vatana sy mahafaly ny maso ao; ka dia hipetraka ao mandrakizay ianareo”
(Az zoukhrouf 43.71)

“ka hamaliany izay niaretan'izy ireo, amin'ny fanomezana ny Paradisa sy ny akanjo lasoà, hitehin-kiho eo amin'ny sezalava izy ireo, tsy hahita (ny hamain'ny) masoandro, na hatsiaka mamirifiry. Hanarana azy ireo akaiky ny aloky ny hazon'ny Paradisa, ary hiondrika ambany ireo voankazony. Dia hampandalovina eo amin'izy ireo ny siny volafotsy, sy ireo kapoaka mangirana, amin'ny volafotsy mangirana, izay voafatra tsara ny fisotro ao anatiny. Ary hampisotroina rano amin'ny kaopy izay mifangaro amin'ny sakamalaho izy ireo ao, notovozina tao amin'ny loharano antsoina hoe Salsabil. Ary hisy tovolahy tanora lalandava, hivezivezy eo amin'izy ireo. Raha mahita azy ireo ianao, dia heverinao ho toy ny vatosoa miparitaka izy ireo. Ary rehefa mijery any ianao, dia hahita fahafinaretana sy fanjakana midadasika” (Al Insan 76.12-20)

Ho an'ny afobe

“dia aoka ianareo hatahotra ilay afobe izay ny olombelona sy ny vato no ho fandrehitra ao aminy, afo izay voahomana sahady ho an'ireo tsy mpino” (Al baqara 2.24)

“Nanomana afo ho an'ireo mpanao ny tsy rariny izahay, izay manodidina azy ireo ny lelan'afony. Ary raha mangataka hisotro rano izy ireo, dia hampisotroina rano tahaka ny metaly mitsonika mandoro ny tarehy. Zavapisotro ratsy tokoa izany, ary fonenana mahatsiravina!” (Al Kahf 18.29)

“Fa isaky ny mitsovaka ny hoditr'izy ireo, dia ho soloinay hoditra hafa indray izany, mba hanandraman'izy ireo ny fangirifirin'ny famaizana” (An nissa 4.56)

“Maniry mafy ny hivoaka ivelan'ny afo izy ireo, nefa tsy hivoaka tao velively, fa hahazo sazy maharitra tokoa” (Al Ma-idah 5.37)

“Ho tonga aminy amin'ny toerana rehetra ny fahafatesana, nefa tsy ho faty izy, fa hahazo azy ny sazy mahatsiravina” (Ibrahim 14.17)

“Ho an'ireo tsy mino, dia fitafiana amin'ny afo, no ampitafiana azy, ary horarahana rano mangotraka ny lohany, izay hampitsonika ny ao anatin'ny kibon'izy ireo, ary koa ny hodiny. Ary hisy fively fandraka amin'ny vy ho azy ireo. Isaka ny te-hivoaka ao izy ireo (hiala), noho ny fahoriana, dia averina ao indray (ary lazaina aminy hoe): “Andramo ny sazin'ny afo” (Al Hajj19-22).

Izany dia ampahany amin'ireo toetry ny paradisa sy ny afobe.

Saingy ny fahitana dia tsy mitovy amin'ny fihainoana, ary ny fitsapana tsy toy ny fahitana.

Ka ny mpanao ratsy dia ao anatin'ny afobe, ary tsy hay vinaniana ny famaizana mahazo azy ao!

Ary ny mpanao soa koa ao anatin'ny paradisa, ary tsy hay vinaniana ny fiadanany sy ny fahasambarany ao!

Ary voalaza amin'ny hadisy ny endriky ny olon'ny paradisa:

“tena marina izy ireo manana ireo zavatra tsy mbola hitan'ny maso, tsy mbola ren'ny sofina, tsy mbola tsapan'ny fon'ny olombelona”

Ataon'i Allah ho isan'ireo mpanao soa anie isika, ary anisan'ireo tsy manana tahotra sy alahelo.

Indreto ny fototry ijoroan'ny finoana Islamo:

- 1- Ny mahatokana an'i Allah (Attaouhid)
- 2- Ny fahamarinana (Al Adl)
- 3- Ny faminiana (An noubowwa)
- 4- Ny fitarihana ara-pinoana (Al Imâmat)
- 5- Ny fitsanganana amin'ny maty (Al Ma'ad)

Notsiahivintsika izany tamin'ny endrika tantarakely, mba hanakaiky ny saina eo am-pandraisana eny am-piandohana, tamin'ny alalan'ny porofo amin'ny ankapobeny voatanisa anatina resaka.

Koa adidin'ny mpino silamo: ny mino am-pahatokisana izany foto-pinoana izany, fa raha tsy izany dia anisan'ny matiantoka izy.

Ary mpino silamo talohan'ny faraparan'ny taon-jato faha 14 dia nifikitra tamin'ny Islamo araka ny fototra ijoroany, sy ny sampany, ary ny endri-pifandraisana sy ny fitondrantena ary ny ankoatra izany.

Hatramin'ny fifandonana ara-potokevitra sy arapisainana tamin'ireo tsy mpino vahiny, tahaka ny nanafihan'izy ireo ny fireneny sy ny haren'ny, ary izay rehetra teo amin'izy ireo. Dia indro fa nihetry ny Islamo, niala tamin'ilay maha izy azy ireo, ka nanoloana izany tamin'ny toerany ireo trangan-javatra mifantoka amin'ny finoanoam-poana. Tsy misy ifandraisany amin'ny tena zava-misy sy fahamarinana, tsy misy toerany amin'ny lojika sy ireo porofo marina.

Ary dia indro izy ireo fa latsaka tanteraka tao anatin'ny haizin'ny habadoana, nisaratsaraka sy nizarazara..ary tsy nisy fanafana ho azy ireo, afa-tsy ny fiverenana amin'ny foto-pinoan'izy ireo sy ny fitsipi-dalàn'izy ireo, izay mitombona araka ny porofo ara-pahalalana, ary ny traik'efa lava efa azo, miaraka amin'ny lalàna araka ny finoana Islamo, nandritra ny taon-jato 13 sy antsasaka taon-jato, ka mitondra ny fahamendrehana anatin'ireo sehatra ara-pahalalana sy fampiharana izany, ary ny fahamboniana sy ny fandrosoana, ary ny fivoarana.

Ary ny tompon'andraikitra avy amin'i Allah Ilay Avo indrindra, dia hitahy ny mpino silamo amin'ny fifikirana amin'ny finoan'izy ireo sy ny fianaran'izy ireo ary lzy no Mpamonjy.

Fizahan-takelaka

Ahoana no hahafantaranao ny fahamarinan'i Allah ?.....	59
Ahoana no hahafantaranao ny faminaniana?	78
Ahoana no hahafantaranao ny fitarihana ara-pinoana ? ...	97
Ahoana no hahafantaranao ny fitsanganana amin'ny maty?	117
Ho an'ny paradisa	127
Ho an'ny afobe	129